# LESONA SEKOLY SABATA
Lehibe



# Ny fiainan' i Abrahama

Vol. 93, No. 1
Janoary–Martsa 2017

# Fizahan-takelaka

1. Ny fiantsoana an' i Abrahama ............ 5
2. Ny finoan' i Abrahama ...................... 10
3. Taranaka nampanantenaina ............ 15
4. Ireo zanakalahy anankiroa................ 20
5. Ny tena zanak' i Abrahama ............... 26
6. Ilay Fanekena mandrakizay ............. 31
7. Fahasoavana mandrakizay................ 36
8. Finoana miasa..................................... 41
9. Ny Mpamonjin' i Abrahama ............. 47
10. Ny faharetan' i Abrahama ................. 52
11. Mifona ho an' ny mpanota ................ 57
12. Ny lovan' i Abrahama ........................ 62

*Ny lesona Sekoly Sabata,* dia programa fianarana isan' andro, izay mifototra amin' ny Baiboly sy Fanahin' ny Faminaniana tsy misy fanampim-panazavana. Natao tsotra araka izay azo atao ny fanambarana mba ahazoana hevitra fohy sy mahitsy. Nampiana fonon-teny indraindray mba hanazava misimisy kokoa, sy ahazoana ny tontolon-kevitra ary hahatonga azy ho mora vakiana. Amporisihinay fatratra ny fandalinana ny boky nangalana ny hevitra.

**Illustrations:** Good Salt on the front cover and Map Resources on pp. 4, 46, 72; Adobe Stock on pp. 25, 72.

*Lesona Sekoly Sabata* (USPS 005-118), Vol. 93, No. 1, Janoary –Martsa 2017. Avoakan' ny Departemantan' ny Sekoly Sabata ao amin' ny Foibe Eran-tanin' ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Fihetseham-panavaozana. Copyright © 2017, natonta, sy nozarain' ny Reformation Herald Publishing Association, 5240 Hollins Road, Roanoke, Virginia 24019–5048, U.S.A. Periodical postage paid at Roanoke, Virginia 24022–9993.

● **U.S.A. and Canada**
**Contact:** Telephone 1-540-366-9400 * Fax 1-540-366-2814 * Website: www.sdarm.org * E-mail: info@sdarm.org

**Annual subscriptions in U.S.A.:** U.S. $16.95. Large print $24.95. International (airmail) $22.00. Single copies $5.50. Large print $8.50. Please send subscription re-quests and payments (in U.S. currency only) to the address below. Prices subject to change without notice.
POSTMASTER, please send ad-dress changes to: *Sabbath Bible Lessons*, **P. O. Box 7240, Roanoke, VA 24019–0240.**

● **Madagascar**
**Contact:** Telephone +261341880826 *Website: www.sdarm.org * E-mail: maranata.soon@yahoo.fr
**Boite Postale 1263, Tananarive Madagascar.**

● **South Africa**
**Contact:** Telephone & Fax 27-011-336-7064 * Website: www.sdarmsa.org.za * E-mail: admin@sdarmsa.org.za

**Annual subscriptions in South Africa:** R120-00 (single copies R35-00). Please send subscription requests and payments to the address below.

POSTMASTER, please send ad-dress changes to: *Sabbath Bible Lessons*, **P. O. Box 7950, Johannesburg 2000, South Africa.**

# Sasin-teny

Raha mijery ny manodidina antsika ankehitriny isika, dia mahita loza mitranga isan' andro:herisetra, fandatsahan-drà, loza voajanahary, ary faharatsiana izay tsy mbola nisy toa azy. Ireo rehetra ireo dia mampahatsiahy antsika fa tsy ho ela intsony ny fiavian' Ilay Tompo Jesosy andrasantsika. Mba ahafahantsika miatrika izany fihaikana izany, mba ahafahantsika miomana hihaona amin' Ilay Tompontsika eny amin' ny rahon' ny lanitra, dia tsy maintsy manana finoana matanjaka isika, dia finoana tahaka ny an' i Abrahama.

"Ireo milaza fa miandry ny fihavian' ny Mpamonjintsika tsy ho ela intsony dia tokony hanana finoana tahaka ny an' i Abrahama, finoana manana tombam-bidy satria nisy setriny tokoa, finoana miasa amin' ny fitiavana sy manadio ny fanahy. Nosoratana ho antsika izay hiharan' ny fiafaran' izao tontolo izao ny ohatra momba an' i Abrahama. Tsy maintsy mino isika fa tena miaraka amintsika marina Andriamanitra ary tsy manao izany fiarahana izany ho vazivazy mihitsy Izy. Amim-pahamatorana no hitenenany ary mangataka finoana tanteraka sy fankatoavana feno avy amintsika Izy. Rehefa izany dia avelany hipariaka amintsika ny Fahazavany, ka ho ao anatin' ny Hazavana tanteraka isika ao amin' ny Tompo."—*The Signs of the Times*, April 1, 1875.

Amin' ity telovolana ity dia hianatra momba ny fiainan' i Abrahama isika. Nandalo fisedrana ny finoana maro io lehilahin' Andriamanitra io. Tamin' ny tsirairay avy tamin' ireny fisedrana ireny, dia naneho ny fahatokiany an' Andriamanitra sy ny fampanantenana nomeny i Abrahama; ka izany no nahatonga azy ho 'rain' ny firenena maro'. Nisy fotoana nihozongozonan' ny finoany rehefa niezaka nanatanteraka ny planin' Andriamanitra tamin' ny heviny sy ny fotoana noheveriny fa mety izy. Na izany aza, hitan' Andriamanitra ny fahatokiany, ka tamin' ny fotoana voatendry, dia teraka ny zanakalahy voalohany nampanantenaina an' i Abrahama. Tetsy ankilany anefa dia efa nanomana ny fisedrana lehibe indrindra ho an' i Abrahama Andriamanitra, izay tsy natao tamin' ny fotoanan' ny fahatanorany sy ny fahatanjahany, fa natao rehefa tena antitra izy.

"Nosedraina mafy tao anatin' ny fahanterany Abrahama. Toa henjana sy tsy sahaza no fijery ny tenin' Andriamanitra tamin' ity anti-dahy efa trotraka ity, saingy na izany aza, dia tsy mba nihevitra izany ho tsy rariny izy na nisalasala kely akory tao amin' ny fankatoavany. Azony nataony ny nitaraina hoe efa antitra sy marefo izy, ka tsy afaka hanao sorona ny zananilahy izay ivon' ny fifalian' ny fiainany. Azony natao ny nampahatsiahy ny Tompo fa mifanohitra amin' ny teny fikasana izay Nomeny mikasika io zananilahy io izany baiko izany. Kanefa tsy mba nisy fimonomononana na tsy fankasitrahana ny fankatoavan' i Abrahama. Feno tanteraka ny fahatokiany an' Andriamanitra."—*Testimonies*, vol. 4, p. 253.

"Avelan' Andriamanitra hikororoka ny vahoakany ny fisedrana, ka amin' ny alalan' ny fijoroana sy ny fankatoavan' izy ireo no hanamafisan' izy ireo ny ara-panahiny, ary mba ho tonga ohatry ny fankaherezana ho an' ny hafa ny ohatra omen' izy ireo…Ny fitsapana mahamay izay hisedrana mafy ny finoantsika, ka hahatsapantsika ho toa nilaozan' Andriamanitra mihitsy aza, dia natao indrindra hitarika antsika ho eo akaikin'i Jesosy kokoa; mba ahafahantsika mametraka ny enta-mavesatra rehetra eo an-tongony ka hanandramantsika ny Fiadanana izay hatolony antsika ho solon' izany."—*Patriarchs and Prophets*, p. 129.

Andriamanitra anie hanome antsika ny finoan' i Abrahama. Ary enga anie izany finoana izany hitarika ny fiainantsika ka hahatonga ny tsirairay avy amintsika, tahaka an' i Abrahama, ho "namana akaikin' Andriamanitra".

*Departemanta Sekoly Sabata ao amin' ny Foibe Eran-tany*

## Fanatitry ny Sabata voalohany ho an' ny Foibe sy Fiangonana any Malawi




Ny Repoblikan' i Malawi dia firenena ao afovoan-tanin' i Afrika atsimo antsinanana. Fantatra tamin' ny anarana hoe Nyasa-land izy io taloha. Zambia no manamorona ny sisiny avaratra-andrefana, Tanzania no any avaratra-antsinanana, ary Mozambika no amin' ny sisiny atsimo-andrefana sy atsimo-antsinanana. Nahazo anaram-bositra hoe " Fo mafanan' i Afrika" ihany koa izy. Araka ny tombana dia mihoatra ny 16 tapitrisa ny mponina ao Malawi, ary fantatra fa kristiana ny 82%, ka anisan' izany ny Katolika Romana, Presbiteriana, Anglikana, Batista, ary Advantista mitandrina ny andro fahafito. Ary vitsy an' is any silamo izay 13%.

Nanomboka tamin' ny 2008 ny asa tao Malawi rehefa nisy misionera iray nanapa-kevitra hamangy izany firenena izany. Nisy mpivady protestanta nandray azy ka nanampy azy tamin' ny fijanonana tao. Nampianatra Baiboly azy ireo ilay misionera ary nanomboka nampiditra ampahany amin' ny fanahin' ny faminaniana ihany koa. Lasa liana be tamin' ilay Fahamarinana Ankehitriny ireo mpivady ka nanomana toerana hanaovana fanompoam-pivavahana sy nanasa olona hafa ihany koa mba hivory rehefa Sabata.

Rehefa nandao an' i Malawi io misionera io, dia nanao antso tamin' ireo rahalahintsika tao Zambia mba hijery raha toa ka misy olona afaka makany mba hijery izany lalana misokatra izany. Noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia niisy rahalahy iray namaly ny antso, nanao hoe, "vonona aho na aiza na aiza tian' Andriamanitra hanirahana ahy". Rehefa tonga tao Malawi io rahalahy io ny taona 2009, dia nampahery an' ireo olona liana ka nandeha nitety toerana hafa nitory ny hafatra. Ankehitriny dia maro ireo toerana liana amin' ny hafatra entintsika. Misy mambra vita batisa 60 eo ho eo ao ary misy mambran' ny Sekoly Sabata mihoatra ny 900, ka maro amin' izy ireo no mianatra foto-pinoana ankehitriny sady miomana ho amin' ny batisa.

Noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia nalamina ho Misiona tamin' ny 2013 io firenena io. Ary velom-pisaorana izahay satria misy rahalahintsika sasany avy any Brezily manome vola hividianana tany ao Lilongwe, renivohitry ny firenena. Mikasa hanangana foiben-toerana sy trano fiangonana ireo mpino aty Malawi. Na izany aza anefa dia mahantra dia mahantra ity firenena ity. Tsy manam-bola hanatanterahana izany vinavina izany ny mambra ato aminay. Izany no mahatonga anay manao antso amin' ireo rahalahy sy anabavy ary namanay rehetra manerana izao tontolo izao.

*Departemanta Sekoly Sabata Foibe Eran-tany, misolo tena ny Misiona Malawi*

# Ny fiantsoana an' i Abrahama

**"dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa ianao" (Genesisy 12:2).**

"Nihalehibe teo anivon' ny rendrarendra sy ny fiainana jentilisa i Abrahama… kanefa tsy tokony ho faty ny finoana marina. Nitahiry sisa mba hanompo Azy mandrakariva Andriamanitra."—*Patriarchs and Prophets*, p. 125.

**Atolotra hovakiana:** *Patriarka sy Mpaminany*, p. 98–111.

## *Alahady* *1 January*

### 1. MIANTSO AN' I ABRAHAMA ANDRIAMANITRA

**a. Inona no nasain' Andriamanitra natao' i Abrahama; ary iza no nandeha niaraka taminy? Genesisy 12:1–4; Asan' ny Apostoly 7:4.**

"Taorian' ny fiparitahana tao Babela dia mbola lasa fanao nanerana ny tany rehetra mihitsy ny fanompoan-tsampy, ka dia navelan' Andriamanitra hanaraka ny lalan-dratsiny amin' izay ireo mpandika lalàna mafy fo; ary nifidy an' i Abrahama Izy, avy amin' ny taranak' i Sema, ka nanao azy ho mpitahiry ny Lalàny ho an' ny taranaka ho avy rehetra."—*Patriarchs and Prophets*, p. 125.

**b. Nahoana no tsy nolazain' Andriamanitra an' i Abrahama avy hatrany ny toerana izay niantsoany azy ho aleha? Hebreo11:8. Inona no fanapahan-kevitra tsy maintsy norain' i Abrahama mba hankatoavany ny antson' Andriamanitra? Genesisy 12:1; Matio 10:34–38.**

"Ny fankatoavan' i Abrahama tsy narahana fanontaniana no iray amin' ireo fampisehoana finoana mahatalanjona indrindra hita ao amin' ny Baiboly manontolo….

Tsy mba nisy fanazavana hita soritra tsara noho izany nentina teo amin' i Abrahama, tsy fanoloran-tena kely no notakiana taminy. Nisy fifamatorana matanjaka teo aminy sy ny fireneny mbamin' ireo sakaizany sy ny fianakaviany. Kanefa tsy nisalasala nankato ny antso izy. Tsy nametraka fanontaniana mikasika ilay tany izay nampanantenaina izy… Miteny Andriamanitra, ary tsy maintsy mankato ireo mpanompony; ny toerana mahafinaritra azy indrindra eto an-tany dia ny toerana izay irian' Andriamanitra handehanany."—Ibid., p. 126.

## 2. IREO FAMPANANTENANA

**a. Inona no fampanantenana nomen' Andriamanitra an' i Abrahama tany am-boalohany? Genesisy 12:2, 3.**

"Ny hahatongavan' ilay fanomezan' ny lanitra tsara indrindra ho an' ny mponin' ny tany no fikasan' Andriamanitra tamin' ny niantsoany an' i Abrahama hiala tamin' ireo sakaizany izay mpanompo sampy ka niantsoany azy honina ao amin' ny tany Kanàna. 'Dia hahatonga ho firenena lehibe Aho, hoy Izy, sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa ianao'(Genesisy 12:2). Ho amin' ny haja lehibe no niantsoana an' i Abrahama; dia ny ho tonga rain' ny vahoaka hiaro sy hitahiry ny fahamarinan' Andriamanitra eto amin' izao tontolo izao mandritra ny taonjato hifandimby; vahoaka izay ho amin' ny alalany no hitahiana ny firenena rehetra amin' ny fihavian' ny Mesia nampanantenaina.

"Efa tena saiky very teo amin' ny olona ny fahalalana ny fahamarinan' Andriamanitra. Nohajambain' ny fanompoan-tsampy ny sain' izy ireo. Ny lalàn' Andriamanitra, izay, ' masina, sady marina  no tsara' (Romana 7:12)dia nokasain' ny olona hosoloina ny fihevitry ny fony izay sady ratsy no feno fitiavan-tena. Na izany aza anefa, noho ny famindram-pon' Andriamanitra dia tsy tonga dia naringany avy hatrany izy ireo. Namolavola hevitra ny hanome fotoana azo araraotina ho azy ireo Izy mba hahatonga azy ireo hahalala Azy bebe kokoa amin' ny alalan' ny fiangonany. Notondroiny fa ny foto-kevitra asehony amin' ny alalan' ny vahoakany no lalana hamerenana amin' ny laoniny ny endrik' Andriamanitra ao amin' ny olombelona."—*Prophets and Kings*, pp. 15, 16.

**b. Iza no tany nampanantenain' Andriamanitra an' i Abrahama sy ny taranany? Genesisy 12:5–7; 13:14–18.**

**c. Inona no hevitra ny hoe Abrahama sy ny zanany mitoetra an-day? Hebreo 11:9, 10, 13–16. Inona no fihetsika mitovy amin' izany asaina ataontsika ihany koa? 2 Petera 3:11–14.**

"Andao hisisika mafy ho tonga kristiana isika (dia tahaka an' i Kristy), amin' ny hevi-teny rehetra, ary aoka ny fitafiantsika, ny resaka ataontsika sy ny asantsika mba hitory fa mitoetra ao amintsika Kristy Ilay fanantenana be voninahitra; ary ho hita fa miandry izany fanantenana mahafinaritra sy fisehoan' i Jesosy am-boninahitra izany isika. Andeha hasehontsika amin' ireo manodidina antsika fa tsy ity izao tontolo izao ity no fonenantsika, fa vahiny sy mpivahiny ihany isika no eto."—*The Review and Herald*, 10 Jona, 1852.

## 3. FAHADISOANA LEHIBE NATAON' I LOTA

**a. Inona no fakam-panahy nahalavo an' i Lota raha nandeha tao amin' ny tany nampanantenaina niaraka tamin' i Abrahama izy? Genesisy 13:5–11; 1 Jaona 2:16, 17.**

---

"Ny faritra lonaka indrindra tao Palestina iray manontolo dia ny lohasahan' i Jordana, izay mampahatsiahy ny tao amin' ilay paradisa very, ary mitovy hatsarana sy nahavokatra be tahaka an' i Neily, izay nanana lemaka nahavokatra saingy very taty aoriana.

... Jembin' ny fahitana ireo tombotsoa eto amin' izao tontolo izao i Lota ka nanome toerana ny faharatsiana ara-moraly sy ara-panahy izay tokony ho notoherina(tao amin' ilay tanàna tsara tarehy feno olona sady nanan-karena). 'Mpanota indrindra tamin' i Jehovah' ny mponina tao amin' io lemaka io; kanefa nanamaivana na tsy ninia tsy nahalala izany Lota. 'Nofidian' i Lota ho azy ny tany rehetra amoron' i Jordana', ary, 'nanorim-ponenana tao Sodoma izy'(Genesisy 13:11, 12). Endrey ny hakelezan' ny fahitany ny vokatra mahatsiravin' izao safidy feno fitiavan-tena izao!"—*Patriarchs and Prophets*, p. 133.

**b. Inona no tian' ny devoly ho azo amin' ny alalan' ny fanirian' ny maso? Marka 4:18, 19; Matio 4:8–10.**

---

"Raha ny fitakiana sy ny fiheverana izao tontolo izao no avelantsika hibahan-toerana hameno ny fotoana sy ny fiheverantsika, dia hihamalemy ny tanjaka ara-pahintsika ka ho faty mihitsy satria tsy mba nampiasaina."—This Day With God, p. 87.

**c. Ahoana no hahatonga ny toerana izay safidiantsika honenana mety hanimba tanteraka ny fiainantsika ara-panahy sy ny an' ireo ankohonantsika ihany koa? Genesisy 13:12, 13; 19:1, 12–16.**

---

---

"Rehefa mifidy trano honenana, dia maro ireo mijery ny tombotsoa mandalo mety ho azony mihoatra noho ny hery miasa mangiana ara-moraly sy entin' ny fiaraha-monina izay hanemitra azy ireo sy ny ankohonany. Misafidy an' ireo tany mamokatra sy tsara tarehy izy ireo, na mifindra any amin' ireo tanàna mandroso, ka mihevitra ny hahita fahombiazana kokoa; kanefa voahodidin' ny fakam-panahy ny zanak' izy ireo, ary matetika ireo zanany ireo no tafiditra amin' ny fikambanana izay tsy hampivelatra ny fitiavam-bavaka sy tsy ahafahana mamolavola toetra mendrika. Ny tontolo feno fitondran-tena ambany, feno tsy finoana, na tsy fiheverana ny zavatra ara-pivavahana dia manana fironana hanohitra ny hery miasa mangiana avy amin' ny ray amandreny... Maro ireo tafakambana amin' ireo tsy mpino sy tsy mivavaka ka mametraka ny ho avin' izy ireo miaraka amin' ireo fahavalon' Andriamanitra."—Patriarchs and Prophets, pp. 168, 169.

## 4. VOAHODIDIN' NY OTA

**a. Inonanoazontsikahianaranaavyamin'nyfanandramananolalovan'ny vadin' i Lota? Genesisy 19:26; Lioka 17:28–33.**

"Nikomy tamin' Andriamanitra ny vadin' i Lota satria ny famaizany dia nahakasika ny fananany sy ny zanany tao amin' ny fahapotehana . . . .

"Nalefa tamin' ny olona rehetra ny antson' ny famindram-po; koa satria nandà ny antsom-pitiavan' ny Mpamonjy ireo namantsika dia hiodina ihany koa ve isika? Zava-tsarobidy loatra ny famonjena ny fanahy. Nandoa ny sarany lafo indrindra Kristy mba hahazoantsika famonjena, ary tsy misy na iza na iza mankasitraka ny tombabidin' izany sorona lehibe izany na mahatsapa ny vidin' ny fanahy iray no hanao tsinontsinona ny' famindram-pon' Andriamanitra na dia tsy hihevitra izany aza ny hafa."—*Patriarchs and Prophets*, pp. 161, 162.

**b. Nadiaefatafavoakaan'iSodomaazaireozanakavavin'iLota,diaahoana nonahatonganyfitondran-tenan'izyireohotafalatsakaambanydiaambany ? Genesiys 19:30–38; Levitikosy 18:6, 7.**

"Nandeha tany an-tendrombohitra sy nonina tany amin' ny haram-bato i Lota, nisaraka tamin' ireo tontolo rehetra izay namelarany ny ankohonany teo amin' ny hery miasa manginan' ny tanàna feno faharatsiana. Na izany aza anefa dia nanaraka aza hatrany ny faharatsian' i Sodoma. Ny fitondran-tena feno ota nataon' ireo zanany vavy dia vokatry ny fikambanana tamin' io tanàna feno fahavetavetana io. Ny fahapotehan' ny fitondran-tena tao dia efa tafaraikitra tamin' ny toetran' izy ireo ka nahatonga azy ireo ho tsy afaka nanavaka ny tsara sy ny ratsy intsony. Ny taranak' i Lota, ny Moabita sy ny Amonita, dia tonga vetaveta, mpanompo sampy ary nikomy tamin' Andriamanitra."—Ibid., pp. 167, 168.

**c. Amin' izao andro farany izao, aiza no toerana azo antoka indrinda hanorenatsika fonenana raha mbola eny an-dalàna ho any amin' ilay tany nampanantenaina isika? Fa nahoana? Genesisy 2:7, 8; Joda 5–7.**

"Raha mbola omen' Andriamanitra hery koa aho hiteny amin' ny vahoakantsika, dia hanohy hanao antso amin' ny ray aman-dreny aho mba handao ny tanàn-dehibe ka hipetraka eny amin' ny tanàna izay ahafahan' izy ireo miasa ny taniny sy mianatra ireo leson' ny fahatsorana sy fahadiovana avy amin' ilay bokin' ny natiora. Ny tontolon' ny natiora no iraky ny Tompo mangiana, izay nomena antsika mba hampianatra antsika ireo fahamarinana ara-panahy. Miteny amintsika momba ny fitiavan' Andriamanitra ireo ary manambara amintsika ny fahendren' Ilay Mpampiana-java-kanto Lehibe."—*The Adventist Home*, pp. 146, 147.

## *Alakamisy* — *5 Janoary*

### 5. MANAO IZAY HAHA-AZO ANTOKA NY ANTSONTSIKA

**a. Koa satria nantsoina ho amin' ny tany nampanantenaina tahaka an' i Abrahama isika, dia inona no tokony hameno ny fisainantsika? 2 Petera 1:10, 11; Matio 22:14.**

---

"Tsy misy na iza na iza tokony hahavery ny fiainana mandrakizay. Ny tsirairay avy izay misafidy isan' andro ny hianatra amin' Ilay Mpampianatry ny lanitra dia hanao ny fiantsoana sy ny fifidianana azy ho azo antoka tsara. Andeha hampilefitra ny fontsika eo anatrehan' Andriamanitra ka hanaiky mba hahafantarantsika Ilay manolotra fiainana mandrakizay…

"Tsy tokony avelantsika hisy na inona na inona mihitsy hampisarantsika antsika amin' Andriamanitra sy ny lanitra. Tokony hiray amin' ny fomban' Andriamanitra isika amin' izao fiainana eto izao. Ry rahalahy sy ranabavy, fiaiana indray mandeha  ihany no omena anareo. Aoka mba ho fiainana feno fahamendrehana izany, dia fiainana miafina ao amin' i Kristy izay ao amin' Andriamanitra!"—*In Heavenly Places*, p. 29.

**b. Izany ihany ihany no hanao izany ao amin' ny tany nampanantenaina? Apokalypsy 17:14; Hebreo 3:12–14.**

---

"Ny fandresena ny ratsy dia asa atao amim-pinoana. Ireo mirotsaka ao an-tanin' ady dia hahita ny tsy maintsy hitafiana ny fiadian' Andriamanitra rehetra. Ny fiadian' ny finoana no ho fiarovan' izy ireo ary hahatonga azy ireo hihoatra noho ny mpandresy. Tsy misy na inona na inona azo ararao-tina afatsy izao:finoana ny Tompon' ny lanitra sy fankatoavana ny baikony. Na dia ny tafika lehibe sy ary fomba indrindra aza dia tsy azo ampiasaina na amin' ny inona na amin' ny inona amin' ilay ady lehibe farany. Raha tsy misy finoana dia tsy afaka hanampy ny anjelin' ny lanitra. Ny finoana velona ihany no hahatonga azy ireo ho tsy azo resena sy hahatonga azy ireo hitsangana amin' ny androm-pahoriana, tafajoro, tsy voahozongozona, ka hihazona ny fiandohan' ny fahatokian' izy ireo hatramin' ny farany."—*Counsels to Parents, Teachers, and Students*, pp. 182, 183.

## *Zoma* — *6 Janoary*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no hevitry ny hoe tia ny ankohonantsika mihoatra noho ny hitiavantsika an' i Kristy?**
2. **How can we tell if we are pilgrims and strangers today?**
3. **Hazavao ny mahatonga ny toerana safidiantsika honenana hisy fiantraikany amin' ny ho avintsika.**
4. **Inona no maha zava-doza ny toeram-ponenana akaikin' ireo tanàna feno ota?**
5. **Nahoana no tsy ny rehetra nantsoina dia hofidiana daholo ihany koa?**

# Ny finoan' i Abrahama

**" Ary nino an' i Jehovah izy; ka dia nisaina ho fahamarinany izany " (Genesisy 15:6).**

"Azontsika atao ny manofana ny fanahintsika mba hino, ampianarina hiankina amin' ny Tenin' Andriamanitra."—*Our High Calling*, p. 119.

**Atolotra ho vakiana:** *Testimonies*, vol. 6, pp. 91–99.

## *Alahady* *8 janoary*

### 1. NY AHIAHIN' I ABRAHAMA LEHIBE INDRINDRA

**a. Inona ny ahiahin' i Abrahama lehibe indrindra mahakasika ny teny nampanantenain' Andriamanitra? Genesisy 12:7; 15:1–3.**

"Koa satria tsy nanan-janakalahy Abrahama, dia nihevitra izy tamin' ny voalohany fa i Eliezera, ilay mpanompo mahatoky, no hatsangany ho tonga zanany sy mpandova azy. Kanefa nilazan' Andriamanitra Abrahama fa tsy ny mpanompony no ho lasa zanany sy mpandova azy fa tena hanan-janaka mihitsy izy."—*The Story of Redemption*, p. 77.

**b. Tamin' ny fomba ahoana no nanomezan' Andriamanitra toky indray an' i Abrahama fa tsy nanadino ny teny fampanantenany tsy akory Izy? Genesisy 15:4, 5; Isaia 55:10, 11.**

"Tian' Andriamanitra mba handray fitahiana lehibe isika. Ny teny nampanantenainy rehetra dia ambarany mazava tsara fa tsy misy aloky ny fisalasalana. Tiany raha raisintsika amin' ny teniny Izy. Matetika isika no ho tafatoetra ao anatin' ny fisalasalana ary tsy mahalala hoe inona no hatao. Kanefa ao anatin' ireny fotoana ireny dia tombotsoa ho antsika ny mandray ny Baibolintsika ka mamaky ny hafatra nomeny antsika; ary avy eo dia mampilefitra ny lohalintsika ka mangataka fanampiana Aminy. Imbetsaka no efa nanomezany antoka fa Izy dia Andriamanitra mpihaino sy mpamaly vavaka. Tanterahana mihoatra lavitra noho izay fanampiana andrasantsika aza ny teny fampanantenany…

"Na aiza na aiza misy antsika, amin' ny maha mpianatry ny Tompo antsika, dia adidy tsy maintsy ataontsika ny manorina ny finoantsika eo amin' ireo teny fikasan' Andriamanitra"—*The Watchman*, May 1, 1914.

## 2. RESY LAHATRA TANTERAKA

**a. Nahoana no nanapa-kevitra hino ny teny nampanantenain' Andriamanitra momba an' ilay zaza Abrahama? Genesisy 15:6 (tapany voalohany); Romana 4:20, 21.**

"Io finoana izay miasa am-pitiavana sy manadio ny fanahy io dia tsy mba resaka hataitairana fotsiny. Fa finoana mifikitra eo amin' ny teny fampanantenan' Andriamanitra, tena mino marina ny fa izay lazainy, dia azony tanterahana ihany koa."—*Our High Calling*, p. 119.

"[Filipiana 4:4–7] Ny teny fampanantenana dia tsy misy tombambidiny raha tsy mino tanteraka aho fa ilay nanao izany teny fikasana izany afaka manatanteraka izany amin' ny fahafenoany, ary manana ny hery sy fahefana rehetra mba hanao izay rehetra nolazainy."—*This Day With God*, p. 156.

**b. Inona ny valisoa azony tamin' ny finoany ny teny fikasan' Andriamanitra? Genesisy 15:6 (tapany faharoa); Romana 4:22.**

"Amin' ny fotoana izay inoan' ny mpanota an' i Kristy, dia mitsangana tsy voaheloka eo anatrehan' Andriamanitra izy, satria ny fahamarinan' i Kristy no lasa fahamarinany:ny fankatoavana tanteraka ataon' i Kristy no isaina ho fankatoavany. Kanefa tsy maintsy miara-miasa amin' ny herin' Andriamanitra izy, ka mametraka ny ezaka ataon' ny tenany hiadiana amin' ny ota, fa mijoro tanteraka eo amin' i Krist."—*Fundamentals of Christian Education*, pp. 429, 430.

"Afaka mahita fitsaharana eo amin' Andriamanitra isika, tsy hoe noho ny fahamendrehantsika manokana, fa noho nyfahamarinan' i Kristy izay isaina ho antsika. Tokony hiala amin' ny fijerena ny tenantsika isika ka hitodika eo amin' Ilay Zanak' Ondrin' Andriamanitra, izay tsy nana ota, ary amin' ny alalan' ny fibanjinatsika Azy amim-pinoana no hahatonga antsika ho tonga tahaka azy."—*Gospel Workers* (1892), p. 427.

**c. Rahoviana ny fotoana tena hampiasana marina ny finoana? Hebreo 11:1; Habakoka 2:3.**

"Ny atao hoe milefitra amin' ny finoana dia mandao ny fahatsapana sy ny fanirian' ny tena manokana mihitsy, miara-mamindra amim-panetren-tena amin' Andriamanitra, mandray ny teny fikasany, ka mampihatra izany amin' ny toe-javatra rehetra; mino fa hiasa araka ny fikasany sy ny planiny ao am-ponao sy eo amin' ny fiainanao Izy amin' ny alalan' ny fanamasinany ny toetranao; miankin-doha tanteraka, mahatoky tsy misy hambahamba ny fahatokian' Andriamanitra. Raha arahana izany torolalana izany, dia ho hitan' ny hafa ny vokatra manokan' ny Fanahy izay hitranga eo amin' ny fiainana sy ny toetra."—*Fundamentals of Christian Education*, pp. 341, 342.

## 3. HAMARININY NY MPANOTA

**a. Inona no mampiseho amintsika fa Abrahama dia mpanota nila fanamarinana? Romana 3:9–12, 23; Genesisy 12:11–20.**

“Nandritra ny fitoerany tany Egypta, dia nasehon’ i Abrahama niharihary fa mbola tsy afaka tamin’ ireo fahalemena sy tsy fahatanterahan’ olombelona izy. Tamin’ ny nanafenany ny maha vadiny an’ i Saraha, dia nivadika tamin’ ny fahatokiany ny fikarakaran’ Andriamanitra izy, ny tsy fahampian’ izany finoana lehibe sy fahasahiana izany dia natetika no nitranga teo amin’ ny fiainany.”—*Patriarchs and Prophets*, p. 130.

**b. Inona no resahan’ ny Baiboly momba ny fanamarinana an’ i Abrahama teo anatrehan’ Andriamanitra? Romana 4:1–8; 3:28.**

“Amin’ ny alalan’ ny Zananilahy ihany no maha azo antoka tsara faneken’ Andriamanitra antsika, ary ny asa tsara dia tsy inona fa vokatry ny fiasan’ ny Fitiavany mamela heloka. Tsy misy lanjany amintsika ireny, ary tsy manana na inona na inona avy amintsika sy ny asa tsara ataontsika isika ka azontsika angatahana na dia ampahany fotsiny aza hamonjena ny fanahintsika. Ny famonjena dia fanomezana maimaimpoana ho an’ ny mpino, omena azy noho ny amin’ i Kristy irery ihany. Ny fanahy sahirana dia afaka mahita fiadanana eo amin’ i Kristy amin’ ny alalan’ ny finoana, ary ny fatran’ izany fiadanana izany dia arakaraky ny finoany sy ny fahatokiany. Tsy afaka mitanisa ny asa tsara vitany mba ho antony hangatahana famonjena ny fanahiny izy.”—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 5, p. 1122.

“Tadidio fa tonga teto amin’ izao tontolo izao Kristy hamonjy ny mpanota. Tsy manana na inona na inona azontsika hitakian-javatra amin’ Andriamanitra isika. Ny zavatra azontsika aseho ankehitriny sy amin’ ny ho avy rehetra dia ny toerantsika izay tena mila fanampiana, ka hahatonga ny herin’ ny famonjeny hisy asany eo amintsika. Ialao ny fiankinan-doha amin’ ny tena rehetra, andao hibanjina ny hazo fijalian’ i Kalvary .”—*The Ministry of Healing*, p. 65.

**c. Inona no mitranga amin’ ny olona iray izay misafidy ny hino an’ Andriamanitra amin’ ny fony manontolo? Romana 6:17, 18; 10:9, 10; 1:17.**

“Amin’ ny fotoana izay hiantorahantsika eo amin’ Andriamanitra, hinoantsika an’ i Jesosy, dia azontsika ny fahamarinan’ i Kristy. Dia ho hitantsika fa ho afaka amin’ ny fahotana isika ka hankasitraka ny sorona nataony hahazoantsika fahafahana.”—*Manuscript Releases*, vol. 5, p. 34.

## 4. MARIKY NY FIOVAM- PO

**a. What outward act did Abraham perform to demonstrate his internal change? Genesisy 17:10, 11; Romana 4:11.**

"Ny famorana… dia natao hotandreman' i Abrahama sy ny taranany mba ho marika fa nanolo-tena ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra izy ireo ka hisaraka amin' ny mpanompo sampy, ary noho izany dia handray azy ireo ho fananany manokana Andriamanitra. Amin' ny alalan' io fombafomba io, dia manolo-tena izy ireo fa hanatanteraka ny fepetra rehetra takian' ny fanekena izay natao tamin' i Abrahama. Tsy mahazo manambady jentilisa izy ireo; satria raha manao izany izy ireo dia ho verin' izy ireo ny fahatahorana an' Andriamanitra sy ny fankatoavana ny lalàny masina; ho tafalatsaka ao anatin' ny fanao feno otan' ireo firenena hafa izy ireo ka ho voasarika ho amin' ny fanompoan-tsampy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 138.

**b. Nahoananozava-dehibenymahalalafaAbrahamadianisainahomarina talohan' ny namorana azy? Romana 4:8–12; 2:28, 29.**

"Ny fahamarinana dia fankatoavana ny lalàna. Mitaky fahamarinana ny lalàna, ary noho izany ny mpanota dia tsy maintsy mankato ny lalàna; kanefa tsy azony atao ny manatanteraka izany. Ny lalan-tokana ahazoany mahazo fahamarinana dia amin' ny alalan' ny finoana. Amin' ny alalan' ny finoana dia azony atao ny mitondra ny fahamendrehan' i Kristy eo amin' Andriamanitra , ka ny fankatoavan' ny Zanany no isain' Andriamanitra ho an' ilay mpanota. Ny fahamarinan' i Kristy no nekena ho eo amin' ny toeran' ny olombelona lavo, noho izany dia raisin' Andriamanitra, avelany heloka, hamarininy, ilay fanahy mibebaka sy mino, ka raisiny toy ny olona marina ary tiaviny tahaka ny itiavany ny Zanany…

"Maro ireo tsy mahita ny lala-marina, ka vokatr' izany dia mihevitra izy ireo fa tsy maintsy miakatra ho any an-danitra, ary tsy maintsy manao zavatra mba hahazoan' izy ireo ny fankasitrahan' Andriamanitra. Mitady hevitra izy ireo mba hahatonga azy ireo tsaratsara kokoa amin' ny alalan' ny ezaka ataon' izy ireo. Tsy ho vitan' izy ireo na oviana na oviana izany. Efa nanao ny lalana Kristy tamin' ny nahafatesany ho sorona ho antsika, ka niaina mba ho Ohatra ho antsika, ary tonga Mpisoronabe ho antsika. Izao no nolazainy, 'Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana (Jaona 14:6). Raha toa ka amin' ny alalan' ny ezaka ataontsika samirery no ahafahantsika miakatra amin' ny zana-tohatra iray dia ho tsy marina ny tenin' i Kristy. Fa rehefa manaiky an' i Kristy isika, ny asa tsara rehetra dia hiseho ho vokatra fa tena mandeha amin' ny lalan' ny fiainana marina isika, ary Kristy no lalana ho antsika, ary mizotra amin' ny lala-marina ho any an-danitra isika."—*Faith and Works*, pp. 101, 102.

# *Alakamisy* *12 Janoary*

## 5. VOAFORA AO ANATY

**a. Mialohan' ny hanaovana batisa antsika(ilay fanekena vaovao solon' ny famorana), dia inona no zavatra tsy maintsy mitranga ao anaty aloha? Jaona 3:5–8; Kolosiana 2:10–13.**

---

---

"Ireo rehetraa miditra ao amin' ny fiainam-baovao dia tsy maintsy mahazo tsara fa, mialohan' ny batisan' izy ireo, dia mitaky fitiavana tsy mizarazara avy amin' izy ireo ny Tompo… ny voa no manamarina ny toetry ny hazo. Ny hazo tsara dia tsy afaka mamoa voa ratsy… mila tena fiovam-po ho amin' ny fahamarinana marina."—*Evangelism*, p. 308.

"Ny fanahy rehetra hiray amin' i Kristy dia ho misionera velona eo amin' ireo rehetra manodidina azy."—Ibid., p. 319.

**b. Inona ny zavatra mitranga eo amin' ireo kristiana izay manenjika manatanteraka fotsiny ny endrika ivelany mba hahazoana famonjena, dia ny fanaovana batisa izany, tahaka ireo jiosy niantehitra tamin' ny famorana? Romana 10:1–3; Matio 23:25–28.**

---

"Ny firaisanao amin' ny fiangonana, ny fijerin' ny mpiray fanantenana anao, dia tsy hisy lanjany raha tsy mino an' i Kristy ianao. Tsy ampy ny mino fotsiny ny "momba" Azy; fa tsy maintsy mino Azy ianao. Tsy maintsy miantoraka tanteraka eo amin' ny Fahasoavany mahavonjy ianao."—*Testimonies*, vol. 5, p. 49.

"Manana asa hataontsika rehetra ny Tompo. Ary raha tsy mbola voasokitra tanteraka ao am-po ny fahamarinana, raha mbola tsy voaovan' ny Fanahy Masina ilay toetra maha-olona antsika, dia tsy afaka hiara-hiasa amin' i Jesosy Kristy mihitsy isika. Hiseho foana ny "izaho" ary tsy hiseho eo amin' ny fiainantsika ny toetran' i Kristy."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 7, p. 969.

# *Zoma* *13 Janoary*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Ahoana no ahafahantsika manana toky amin' ny teny nomen' Andriamanitra?**
2. **Inona no hevitry ny hoe resy lahatra amin' ny teny nolazain' Andriamanitra?**
3. **Inona no fitahiana ho antsika rehefa miantehitra tanteraka amin' Andriamanitra isika?**
4. **Inona no hevitry ny famorana?**
5. **Inona no zava-dehibe kokoa, batisa amin' ny endrika ivelany sa batisa ao anaty?**

# Taranaka nampanantenaina

**"Ary tamin' i Abrahama sy ny taranany no nilazana ny teny fikasana. Tsy lazainy hoe:Ary ho an' ny taranaka, toy ny milaza ny maro; fa toy ny milaza ny anankiray, "ary ho an' ny taranakao", dia i Kristy izany" (Galatiana 3:16).**

"Ny fanomezana izay natolotra ho an' i Abrahama dia tsy ny tany Kanana fotsiny ihany fa ny tany manontolo mihintsy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 170.

Atolotra hovakiana: *Patriarka sy Mpaminany*, p. 137–147.

## *Alahady* *15 Janoary*

### 1. NY ZANAKY NY TENY FIKASANA

**a. Nadia zanaka iray aza no nangatahin' i Abrahama mba handova azy, firy kosa no nomen' Andriamanitra azy? Genesisy 13:15, 16; 15:2–5.**

**b. Ahoana no nanehoan' i Paoly fa ireo fampanantenana nataon' Andriamanitra tamin' i Abrahama dia tanteraka tao amin' ny zanaka iray tena manokana, Jesosy Kristy? Genesisy 17:1–8; Galatiana 3:16; Hebreo 2:14–16.**

"Mazava sady miavaka ireo faminaniana izay nomena mahakasika Ilay Anankiray nampanantenaina. Nomena toky i Adama fa ho avy ny Mpanavotra. Ilay didim-pitsarana navoaka tamin' i Satana:'Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy, ary ny taranakao sy ny taranany:izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony' (Genesisy 3:15), no teny fikasana voalohany milaza ny fanavotana izay nomanina amin' ny alalan' i Kristy.

"Nomena an' i Abrahama ny teny fikasana fa avy amin' ny taranany no hivoahan' ny Mpamonjin' izao tontolo izao:'ary amin' ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin' ny tany.' 'Tsy lazainy hoe:Ary ho an' ny taranaka, toy ny milaza ny maro; fa toy ny milaza ny anankiray, "ary ho an' ny taranakao", dia i Kristy izany' (Genesisy 22:18; Galatiana 3:16)."—*The Acts of the Apostles*, p. 222.

## 2. NY NAHATERAHAN' ILAY TARANAKA NAMPANANTENAINA

**a. Nahalala ny momba an' i Jesosy Kristy ve i Abrahama? Jaona 8:56.**

"Nomena fahitana i Abrahama ny amin' ilay sorona avy amin' Andriamanitra. Tamin' ny fanadramana nataony dia azony an-tsaina izany sorona izany. . . . Teo ambonin' ny alitara izay nanolorany ny zanaky ny teny fikasana, dia ilay zanaka lahy ivon' ny fanantenany. . . .

"Ny lesona lehibe indindra tsy hain' ny olombelona mety maty no nianaran' i Abrahama tamin' Andriamanitra. Novaliana ny vavany dia ny mba hahita an' i Kristy mialoha ny fahafatesany. Nahita an' i Kritsy izy; nahita izay rehetra azon' ny olombelona mety maty izy kanefa dia velona. Afaka nahatakatra ny fahitana momba an' i Kristy izy, fahitana izay nomena azy, satria nanana fileferana tanteraka. Naseho azy fa nanao ny sorona lehibe sy mahatalanjona indrindra Andriamanitra tamin' ny fanolorany ny Zanany lahy tokana mba hamonjy ny mpanota amin' ny faharavana mandrakizay."—*The Desire of Ages*, pp. 468, 469.

**b. Fantatra fa efa nitsaha-jaza i Saraha noho ny fahanterany, inona anefa no nilain' izy mivady alohan' ny hananany zanaka? Genesisy 17:15–19; 18:9–14; Marka 10:27.**

"Tiako ho takatry ny sain' ny olona rehetra ireo zavatra azo tanterahina ho an' izay rehetra mandray an' i Kristy ho fananany sy tokiny. Ny olona izay miafina miaraka amin' i Kristy ao amin' Andriamanitra dia manana fialofana mandrakizay; izy dia afaka milaza manao hoe:'Mahay ny zavatra rehetra aho, ao amin' Ilay mampahery ahy' (Filipiana 4:13)."—*Country Living,* p. 28.

**c. Ny fahagagan' ny fahaterahan' i Isaka dia tandindon' ny fahagagan' ny fahaterahan' i Jesosy Kristy, ilay zanaky ny teny fikasana. Hazavao. Isaia 7:14; Matio 1:18–23.**

"Ny fahaterahan' ny zanaka lahin' i Zakaria, sy ny fahaterahan' ny zanak' i Abrahama, ary ny an' i Maria, dia mampianatra fahamarinana lehibe, fahamarinana izay tsy dia ianarantsika loatra sady malaky hadinoina. Raha avy amin' ny herintsika dia tsy afaka manao ny tsara isika; kanefa izay tsy efantsika dia vita amin' ny alalan' ny herin' Andriamanitra ho an' ny fanahy izay milefitra sy mino. Tamin' ny finoana no nanomezana ilay zanaky ny teny fikasana. Ary amin' ny finoana no ahaterahan' ny fiainana ara-panahy. Izany asa fanamarinana izany dia tsy azontsika tanterahina."—*The Desire of Ages*, p. 98.

## 3. N Y FAHAFATESAN' ILAY ZANAKA NAMPANATENAINA

**a. Lazao ny fomba nanambaràn' Andriamanitra mialoha ny hahafatesan' ilay zanaka nampanantenaina, dia Jesosy Kristy. Genesisy 22:1–3, 9–13; Romana 8:31, 32; Isaia 53:4–7.**

"Ilay ondrilahy natao fanatitra ho solon' i Isaka dia maneho ny Zanak' Andriamanitra, izay novonoina ho solontsika. Rehefa voaheloka ho faty noho ny fandikana ny didin' Andriamanitra ny olombelona, dia nijery ny Zanany ny Ray sady nilaza tamin' ny mpanota hoe, 'Ho velona hianao; satria efa nahita onitra Aho.'

"Raha nanome baiko an' i Abrahama Andriamanitra mba hamono ny zanany, dia tsy ho fizahan-toetra ny finoany fotsiny izany , fa mba handraiketana ao an-tsainy ihany koa ny tena votoatin' ny Filazantsara. Ireo andro manjombona, feno tebiteby sy horohoro izay nolalovany, dia nanampy azy hahatakatra, tamin' ny fanandramana nataon' ny tenany manokana, ny halehiben'ny fahoriana izay niaretan' Andriamanitra ho fanavotana ny olombelona. Tsy nisy fizahan-toetra nampangirifiry mafy ny fon' i Abrahama toy ny nanolorany ny zanany lahy. Fa Andriamanitra rehefa nanolotra ny Zanany ho amin' ny fahafaham-baraka sy ny fahafatesana, dia tsy mba namela, na dia anjely iray aza, hisalovana toy izay natao tamin' i Isaka. Tsy mba nisy feo niantso hoe 'Aoka izay!' Ilay Mpanjakan' ny voninahitra dia nanolotra ny ainy mba hamonjena ny taranaka lavo. Porofo lehibe toy inona indray no mbola ilaina ho fanehoana ny famindram- po sy ny fitiavan' Andriamanitra?"—*Patriarchs and Prophets*, p. 154.

**b. Midika inona ilay teny hoe 'ny lahitokanao' izay nolazain' Andriamanitra tamin' i Abrahama? Genesisy 22:2; Marka 1:11; 1 Jaona 4:9.**

"Ilay Raintsika izay any an-danitra dia nanolotra ny Zanany malalany ho amin' ny fangirifiriana teo amin' ny hazo fijaliana. . . . Ilay Zanaka tian' Andriamanitra, Ilay Mpanavotra izao tontolo izao, dia noesoina, narabiana, ary nampijaliana, mandra-pitanondriky ny lohany ka maty. Porofo lehibe toy inona no mbola azon' Ilay Mandrakizay omena antsika ho mariky ny fitiavany sy ny fiantrany? [Romana 8:32 vakiana]."—*That I May Know Him*, p. 20.

"Andeha isika, mba hiaritra am-pifaliana ho an' i Jesosy' hanombo ny izaho isan' andro, ary ho tonga mpiara-miaritra ny fijalian' i Kristy, mba ho tonga mpiray voninahitra Aminy koa, ary handray ny satroboninahitry ny tsy fahafatesana, ary ny fiainana mandrakizay."—*Early Writings*, p. 114.

## 4. ILAY ZANAKY NY TENY FIKASANA NITSANGANA INDRAY

**a. Ahoana no fomba nanehoan' Andriamanitra tamin' i Abrahama fa ilay zanaka nampanantenaina, dia Jesosy Kristy, no Mpamonjin' izao tontolo izao? Genesisy 22:7, 8, 11–13; Hebreo 11:17–19.**

---

"Rehefa nahazo baiko ny hanolotra ny zanany ho fanatitra i Abrahama, dia niomana hanara-maso izany avokoa ny mponin'ny lanitra. Tamim-palianana fatratra no nanarahan'izy ireo ny dingana tsirairay avy nataon' i Abrahama hanatanterahana izany baiko izany. Raha nanontany Isaka hoe:'Aiza izay ondry hatao fanatitra ho dorana?' ka namaly i Abrahama hoe:'Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra ho dorana' (Genesisy 22:7, 8); rehefa nohazonina ny tanan' ilay ray raha hanainga azy hamono ny zanany iny indrindra izy, ka ny ondrilahy izay efa voaomana no natolotra ho solon' i Isaka—tamin' izay, dia nisy fahazavana niparasaka teo amin' ny zava-miafin' ny famonjena, ary na ny anjely aza dia nahatakatra mazava kokoa ny famonjena mahagaga izay efa nomanin' Andriamanitra ho fanavotana ny olombelona."—*Patriarchs and Prophets*, p. 155.

**b. Inona no fahamarinana mahafinaritra izay tsy niova ho an' i Abrahama rehefa nihazona ny fampanantenana izy, "fa avy amin'i Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao" (Genesisy 21:12)? Genesisy 22:5; Hebreo 11:18, 19.**

---

"Nampahatanjaka ny finoany [Abrahama] ny nisaintsaina ny hatsaram-panahy sy ny fahatokian' Andriamanitra. Fanomezana tsy nampoizina ity zaza ity; ka moa tsy azon' Ilay nanome atao va ny haka indray ho azy izay nomeny? Ary moa tsy mbola ao ihany koa va ilay fampanantenana izay nanao taminy hoe:'Avy amin' Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao'—dia taranaka maro toy ny fasika eny amoron-dranomasina? Isaka dia zanaky ny fahagagana. Moa Ilay efa nanome azy aina; tsy mahay hamerina izany aminy indray?

Dia nitazana ny any ambadiky ny hita maso i Abrahama, ka nifikitra mafy tamin' ny tenin' Andriamanitra sady niteny anakampo ny tenin' Andriamanitra ' fa ny Tsitoha dia mahay manangana ny maty aza' (Hebreo 11:19)."—Ibid., pp. 151, 152.

**c. Ahoana no anondroan' izany fahamarinana izany an' i Kristy, ilay tena zanaka nampanantenaina? Asa 3:25, 26; 1 Petera 1:18–21.**

---

"Nitsangana avy tao am-pasana nofaina tamin' i Josefa ny Zanak' Andriamanitra, 'Izaho no fananganana ny maty sy fiainana' (Jaona 11:25). Ilay mitovy amin' Andriamanitra dia nandresy ny fahafatesana ho antsika. Nanandrana ny fahafatesana ho an' ny olona rehetra Izy, ka amin' ny alalany ny olona rehetra dia tonga mpiombona amin' ny fiainana mandrakizay."—*In Heavenly Places*, p. 13.

# *Alakamisy* — 19 Janoary

## 5. NY LOVAN' NY ZANAKA NAMPANANTENAINA

**a. Inona no lova nampanantenain' Andriamanitra ho an' i Abrahama sy ny taranany? Genesisy 17:7, 8; Salamo 105:6–11. Inona no itovizan' izany amin' ny lovan' i Kristy? Daniela 7:13, 14, 18; Matio 25:31–34.**

"Tsy misy teny mahalaza ny tombam-bidin' ny tsy fahafatesana izay lovantsika. Ny voninahitra, ireo harena, izay atolotr' i Kristy dia tsy voatombana ka na ny herin' olombelona na ireo anjely tsy mahalaza ny hakantony sy ny fahatsarany."—*Testimonies, vol. 2, p. 40.*

**b. Inona no tokyananantsika fahitana ny fampanantenany Andriamanitra ka ho an' ny zanany ny tany nampanantenaina? Hebreo 6:13–18; Jaona 14:1–3.**

"Ela no niandrasantsika ny fiverenan' i Kristy. Kanefa azo antoka ny teny fikasana. Tsy ho ela dia ho any amin' ilay fonenana nampanantenaina isika. Jesosy no hitari-dalana antsika ho eo amin' ny loharano velona izay mikoriana avy eo amin' ny seza fiandrianan' Andriamanitra ary hohazavainy amintsika ny famonjena nitondrany antsika ho amin' ny fahamasinan-toetra. Any isika no hahita ny hakanton' ilay Edena vaovao. Hapetratsika eo an-tongotry ny Mpanavotra ny diadema izay napetrany teo amin' ny lohantsika, ary hitendry ny lokanga volamena isika, ho fenointsika hiram-piderana ho an' Ilay mipetraka eo ambony seza fiandrianana ny lanitra manontolo."—Ibid., vol. 8, p. 254.

# *Zoma* — 20 Janoary

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Ahoana no fomba nanehoan' Andriamanitra ny filazantsara tamin' i Abrahama?**
2. **Inona no fahagagana manambara fa avy amin' Andriamanitra Kristy?**
3. **Tamin' ny fomba ahoana no nanehoana ny halalin' ny sorona nataon' Andriamanitra ho an' ny taranak' olombelona?**
4. **Nahoana no zava-dehibe ho an' ny mpino ny fitsanganana amin' ny maty?**
5. **Inona ny zavatra tsy azontsika hadinoina eo am-piandrasana ny lovantsika?**

# Ireo zanakalahy anankiroa

**"Fa voasoratra hoe:I Abrahama nanana zanaka roa lahy, ny anankiray tamin'ny andevovavy, ary ny anankiray tamin'ny tsy andevo" (Galatiana 4:22).**

"Tsy fihetseham-po miserana tsy akory ny finoana; fa kosa fihazonana an' Andriamanitra amin' ny Teniny—mino fa Izy dia hanefa ny Teny Fikasany satria efa nilaza Izy fa hanao izany."—*Our High Calling*, p. 119.

**Atolotra hovakiana:** *Our High Calling*, pp. 119–122,
*Patriarika sy Mpaminany*, pp. 382–384.

## *Alahady* *22 Janoary*

### 1. ILAY ZANAKY NY TENY FIKASANA

**a. NahoanaIsakanonantsoinahoezanakynytenyfikasana?Genesisy15:2, 3; 17:15, 16; 18:9–14 (Ampitahao amin' ny Galatiana 4:22, 23, 27, 28).**

**b. InonanonataonʼiAbrahamasySarahambahanampianaanʼAndrimanitra amin' ny fanatanterahana ny teny fikasana? Genesisy 16:1–4.**

"Nanaiky tsy nisy fisalasalana ny amin' ny teny fikasana momba ny zanakalahy izay homena azy i Abrahama, saingy tsy niandry ny fotoana sy ny fomba hanatanterahan' Andrimanitra ny teniny izy. Nahemotr' Andriamanitra ny fotoana mba hizahan-toetra ny finoan' i Abrahama ny heriny; indrisy fa tsy nahazaka izany sedra izany izy. Nihevitra i Saraha fa tsy afaka hiteraka intsony noho ny fahanterany, ka dia nanome hevitra ny vadiny izy haka ny mpanompovaviny ho vadiny faharoa. Niely patrana loatra ny fampirafesana tamin' izany andro izany, ka tsy noheverina ho fahotana intsony na dia fandikana ny didin' Andriamanitra sy tena fanimbana ny fahamasinana sy ny fahasambaranan' ny tokantrano aza. Ny nanambadian' i Abrahama an' i Hagara dia nitera-boka-dratsy, tsy ho an' ny fianakaviany ihany, fa ho an' ny taranany rehetra koa."—*Patriarchs and Prophets*, p. 145.

## 2. ZANAKA LAHIN' NY ANDEVO

**a. Ahoana no navalin' Andriamanitra rehefa niteny i Abrahama fa i Isimaela no zanaky ny teny fikasana? Genesisy 17:15–21.**

"Rehefa sahabo ho zato taona i Abrahama dia nahazo teny fikasana indray izy, fa ny ho mpandova azy dia ny zanak' i Saraha. Tsy nazava taminy anefa izany teny fikasana izany. Nitodika tany amin' i Isimaela ny eritreriny, ka nino izy fa amin' ny alalany no hanatanterahan' Andriamanitra ny teny fikasana. Tamim-pitiavana ity zanany ity no nilazany hoe:'Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehanao!' Naverina indray anefa ilay teny fikasana, sady nazava dia nazava:'Tsia, fa i Saraha vadinao hiteraka zazalahy aminao; ary ny anarany hataonao hoe Isaka; ary ny fanekeko haoriko aminy' (Genesisy 17:18, 19)."—*Patriarchs and Prophets*, p. 146.

**b. Nahoana no nolavin' Andriamanitra i Isimaela? Galatiana 4:22, 23, 30; Romana 14:23b.**

"Ny tsy fahampian' ny finoan' i Abrahama sy Saraha no nananany an' i Isimaela, fikambanan' ny voa tsara amin' ny ratsy. Simban' ny toetran-dreniny izay mpanompo sampy ny fitaizana izay noezahan' i Abrahama fatratra. Noho ireo vady maro nomen' i Hagara an' i Isimaela dia tonga mpanompo sampy izy."—Ibid., p. 174.

**c. Raha neken' Andrimanitra ho zanaky ny teny fikasana i Isimaela, dia inona no fahamarinana lehibe izay ho takona tamin' i Abrahama? Romana 4:1–5, 21, 22.**

"Tsy raisina avy amin' ny asa ny valisoa, raha izany mantsy dia maro no hirehareha; fa fahasoavana izany."—*Christ's Object Lessons*, p. 401.

"Rehefa ny tsirairay no miankina amin' i Kristy, feno fahatokiana sy finoana, mitoky amin' ny ràny izay hany afaka manadio amin' ny ota rehetra, dia hisy fiadanam-po ateraky ny finoana fa Andriamanitra dia afaka hanatanteraka ny teny fikasany."—*Selected Messages*, bk. 3, p. 181.

"[Filipiana 4:4–7 vakio.] Tsy misy lanjany ny fampanantenana raha tsy inoako fa afaka manatanteraka sy manana ny hery hanaovana izany Ilay nanome azy."—*This Day With God*, p. 156.

## 3. ZANAKY NY FANANDEVOZANA

**a. Inona no toerana ara-panahy nisy an' i Isimaela sy Hagara reniny? Hazavao. Genesisy 16:4–6; Galatiana 4:22, 23.**

**b. Nahoana ny apostoly Paoly no nanohatra ny Jiosy izay tao Jerosalema tamin' ny androny ho toy ny andevo, tahaka an' i Hagara sy Isimaela? Jaona 8:31–36; Romana 9:6–8.**

"Ny fanahy iray izay tsy mialoka amin' Andriamanitra dia eo ambany fanapahan' ny hery hafa. Mety hilaza izy fa olon' afaka, kanefa dia eo ambany fanandevozana. Tsy afaka hahita ny fahatsaran' ny fahamarinana izy, satria ny sainy dia voafehin' i Satana. Mety hilaza izy fa tompon-tsafidy tsy misy mibaiko, kanefa ny sitrapon' ilay andrianan' ny maizina no ankatoaviny. Tonga i Kristy mba hanapaka ny ziogan' ny fanandevozan' ny ota ao amin' ny fanahy."—*The Desire of Ages,* p. 466.

"Niasa mafy tokoa Andriamanitra mba ho fanafahana antsika, afaka amin' ny fanandevozan' ny fahazaran-dratsy sy ny fironana ratsy rehetra. Ry tanora malala, tsy mba sitrakao ve ny hiezaka ho tonga olona afaka ao amin' i Kristy?"—*Our High Calling*, p. 29.

**c. Tamin' iza ary inona no nametrahan' ireo Jiosy (Taranak' i Abrahama ara-bakiteny) ny fitokisany mba handraisany ny fitahian' Andriamanitra? Jaona 8:37–40; Filipiana 3:3–9; Galatiana 6:12, 13.**

"Ireo Jiosy dia nidoka tena fa taranak' i Abrahama; kanefa tamin' ny asany izay mifanohitra tamin' ny an' i Abrahama no nanaporofoany fa tsy tena zanany izy ireo. Ireo izay manana fiainana ara-panahy mifandrindra amin' ny an' i Abrahama irery ihany no azo ekena ho tena taranany."—*Christ's Object Lessons*, p. 268.

"Nambaran' i Paoly fa 'araka ny fahamarinana avy amin' ny lalàna'—na dia nanenjika ireo kristiana aza izy —dia 'tsy nanan-tsiny' (Filipiana 3:6); kanefa rehefa nazava taminy ny toetra ara-panahy ananan' ny lalàna, dia hitany fa mpanota izy. Raha tsaraina ny fiainany tety ivelany izay nanehoany ara-bakiteny ny lalàna, dia tsy nanana ota izy; fa rehefa nijery ny hevi-dalin' ny lalàna sy ny filamatra masina voarakitra izy, dia nitanondrika tamin-kenatra ary niaiky fa meloka."—*Steps to Christ*, pp. 29, 30.

## 4. SARY AN'OHATRA

**a. Inona no fahadisoana ataontsika raha mitoky amin' ny asantsika fa tsy amin' i Kristy isika? Galatiana 4:21–25; 3:10; 2 Korintiana 3:14, 15.**

"Tsy tsapan' ny vahoaka ny faharatsian' ny fony, ary tsy takany fa tsy ho azony atao ny hitandrina ny lalàn' Andriamanitra raha tsy miaraka amin' i Kristy; koa dia niditra tamim-pahavononana tamin'ny fanekena nolazaina azy izy ireo. Natoky ny fahamarinan' ny tenany ny olona ka nilaza hoe:'Izay rehetra nolazain' i Jehovah dia hataonay sy hekenay' (Eksodosy 24:7); . . . Herinandro vitsy monja taorian' izay anefa dia novotsorany sahady ny fanekena nataony tamin' i Jehovah, ka niankohoka teo anoloan' ny sary an-idina izy. Tsy afaka nanantena sitraka avy tamin' Andrimanitra intsony izy ireo noho ny fivadihany tamin' ny fanekena. Ankehitriny, rehefa hitany ny fahotany ary tsapany ny filany famelan-keloka, dia notarihina izy ireo hahatsapa ny filany Mamponjy, dia Ilay naseho tamin'ny fanekena natao tamin' i Abrahama sy ireo fanatitra tandindona. Izao, dia vonona ny hankasitraka ireo fitahiana avy amin' ny fanekena vaovao izy ireo, nohon' ny finoana sy fitiavana izay nampiray azy ireo amin' Andriamanitra mpanafaka amin' ny fanandevozan' ny ota...

"Ny 'fanekena vaovao' dia naorina teo amin' ny 'teny fikasana tsara lavitra'—fampanantenana famelan-keloka sy ny fahasoavan' Andriamanitra izay manavao ny fo sy mampifanaraka azy amin'ny fitsipika ao amin' ny lalàn' Andriamanitra. . . .

"Ilay lalàna izay voasoratra teo amin' ny vato fisaka ihany, no mbola soratan' ny Fanahy Masina ao amin' ny vato fisaky ny fontsika. Aoka tsy hitady izay hanorenana ny fahamarinan' ny tenantsika isika, fa hanaiky kosa ny fahamarinan' ny Mpamonjy. Manafaka ny fahotantsika ny ràny. Isaina ho antsika ny fankatoavany. Koa dia afaka hamokatra ny 'vokatry ny Fanahy' ny fontsika izay efa nohavaozin' ny Fanahy Masina. Amin'ny alalan'ny fahasoavan' i Kristy dia mivelona amin'ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra izay efa voasoratra ao am-pontsika isika. Satria manana ny Fanahin' i Kristy isika, dia ho afaka handeha tahaka izay nandehanany koa."—*Patriarchs and Prophets*, pp. 371, 372.

**b. Nahoana no tsy afaka miankina amin' ny fitandremana ny lalàna ny olona mba hanamarina ny tenany eo anatrahan' Andriamanitra? Galatiana 2:21; 3:11, 12.**

"Raha tsy nisy ny sorona manafaka nataon' i Kristy, dia tsy hisy zava-mahafaly azon' Andriamanitra jerena eo amintsika. Ny fahatsarana ara-nofo rehetra eo amin' ny olona dia tsy misy lanjany eo imason' Andriamanitra. Tsy ankasitrahany ny fihazonana ny toetra teo aloha, toetra tsy nohavaozina ary tsy nandray ny fahasoavana izay manova ho olom-baovao ao amin' i Kristy."—*God's Amazing Grace*, p. 66.

# *Alakamisy* — *26 Janoary*

## 5. FANENJEHAN' NY RAHALAHY

**a. Inona ny tranga noraisin' i Paoly hanehoana ny fanenjehan' ny Jiosy ny fiangonana Kristiana? Galatiana 4:28, 29; Genesisy 21:6–10.**

---

---

---

**b. Nahoana ny zanaka ara-panahy no enjehin' ny zanaka ara-nofo mandrakariva? Jaona 15:17–22; Jaona 3:19, 20; Galatiana 5:17a.**

---

---

---

"Nankahala sy namono ny rahalahiny i Kaina; tsy noho ny fahadisoana vitan'i Abela anefa, fa satria 'Ratsy ny asany fa ny an' ny rahalahiny kosa tsara' (1 Jaona 3:12). . . . Faniniana tsy an-kiato ho an' i Kaina ny fiainam-pakantoavan' i Abela sy ny finoany miorina. . . . Arakaraka ny amirapiratan' ny fahazavan' ny lanitra eo amin' ny toetran' ny mpanompo mahatokin' Andriamanitra, no mampihajahanja ny fahotan' ny ratsy fanahy, ary mampitombo ny fahavononany hamotika ireo mpanelingelina ny fiadanany."—*Patriarchs and Prophets*, p. 74.

"Tena vahoaka manokana tokoa ireo Kristiana voalohany. Faninitsiniana mitohy izay nanakorontana ny fiadanan' ny mpanota ny fitondran-tenany tsy misy ho kianina sy ny finoany mafy orina. Na dia vitsy an' isa azy izy ireo, tsy nanana harena sy toerana ambony, na anaram-boninahitra, dia nampatahotra ny mpanao ratsy izy ireo na taiza na taiza nahafantarana ny toetra amam-panahiny sy ny foto-pinoany. . . . Izany antony izany ihany koa no nahatonga ny Jiosy nandà sy nanombo ny Mpamonjy—satria ny fahadiovana sy ny fahamasinan' ny toetra amam-panahiny dia nanameloka ny fitiavan-tena sy ny fahalotoan' izy ireo. Hatramin' ny andron' i Kristy ka hatramin' izao dia nampirongatra ny fankahalana sy ny fanoheran' ireo izay manaraka ny lalan' ny fahotana ny mpianatr' i Kristy mahatoky."—*The Great Controversy*, p. 46.

# *Zoma* — *27 Janoary*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Amin' ny fomba ahoana ihany no hahatanterahan' ny fampanantenan' Andriamanitra?**
2. **Nahoana no tsy eken' Andriamanitra ho fahamarinana ny asan' ny nofo?**
3. **Nahoana no tsy azontsika itokiana ny lovantsika ara-nofo sy ny asantsika?**
4. **Nahoana no tsy mety hamarinina amin' ny asan' ny lalàna isika?**
5. **Ady lehibe manao ahoana no tsy maintsy andrasan' ny Kristiana vokatry ny finoany?**

## Fanatitry ny Sabata voalohany atokana ho amin' ny Loza voajanahary sy ny Asa soa



"Izay [Jehovah] manome rariny ho an'ny ampahorina,Izay manome hanina ho an'ny noana" (Salamo 146:7). Izao no nolazain' i Tompo:"Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana" (Matio 5:7). Manodidina antsika ny mahantra, ny malahelo, ny mijaly, ary ireo izay andalam-pahafatesana. Tsy mbola nisy fotoana nilana asa fiantrana lehibe toy ny ankehitriny. Nataon' Andriamanitra ho mpitantana ny fananany isika, ary tsy avy Aminy ny fijaliana, ny fahantrana, sy ny fitanjahana, ary ny tsy fisiana. Manome izay rehetra ilaintsika sy ampy ho antsika ny Tompo. Nanome mihoatra aza Izy mba ahafahantsika manamaivana ny fahorian' ny hafa.

Isan' andro dia mandre ady sy horohorotany isika, tondra-drano, fipoahan' ny volokano, ary loza maro samihafa manerana ny tany izay miteraka faharavam-pananana sy famoizana aina maro. Raha vao mandre loza mitranga izahay, dia mandray andraikitra avy hatrany mba hamaly ny filan' ireo vahoaka. Miankina betsaka amin'ny karazana loza mitranga, ny firenena, ny toe-karena, sy ny toe-draharaha ara-politika ny fomba idiranay an-tsehatra. Manomboka manombana avy hatrany ny toe-javatra izahay mba ahafantarana izay asa tena ilaina.

Fanampin' izany, ny departemanta Asa sosialy dia mampiasa olona isan-karazany ho amin' ny fanohanana ara-tekinika, fanofanana, fanoroan-kevitra ary mpamolavola tetik' asa. Na aiza toerana misy tombana atao, dia mila tohanana izany amin' ny fandefasana mpanara-maso sy mpitarika araka izay ilaina. Ny tanjonay dia ny hanohana ny fiangonana eo an-toerana mba hamantatra izay ilain' ny fiaraha-monina misy azy; mety ho ara-tsakafo izany, fitafiana, lamba firakotra, trano fialofana, na koa firaisam-po sy toro-hevitra.

Ny fizarana ny fitiavan' Andriamanitra manerana izao tontolo izao, dia toy ny fiaramanidina izay mila solika mba hampandehanana azy. Ny fanatitra an-tsitrapo atolotrao no solika izay mampihodina ireo zava-drehetra ho fanampiana ireo sahirana. Raha tsy misy ny fanoloran-tenanao sy izany solika izany, na ny ezaka tsara indrindra ataonay aza dia tsy ho ampy. Mety ho sarotra ho an' ny tsirairay avy ny handeha ho any amin' ireo toerana mila vonjy ireo, kanefa ny fanatitra atolotrao dia afaka ho tonga lavitra. Miantso anao izahay, mba handray anjara amin' izany asa ambony izany. Manomeza an-tsitrapo ho an' izany.

*Ireo rahalahy sy anabavinareo avy ao amin' ny Departemanta Asa sosialy*

# Ny tena zanak' i Abrahama

**"Koa fantaro fa izay amin'ny finoana no zanak'i Abrahama." (Galatiana 3:7).**

"Izay manetry tena toy ny zazakely, mandray sy mankato ny Tenin' Andriamanitra amin' ny fahatsoran' ny zaza, no ho anisan' ireo voafidin' Andriamanitra."—*Our High Calling, p. 77.*

**Atolotra hovakiana:** *Our High Calling*, pp. 75–79;
*Mpaminany sy Mpanjaka*, pp. 305–310.

## *Alahady* *29 Janoary*

### 1. ILAY TENA ZANAK' I ABRAHAMA

**a. Iza no tondroin' ny Baiboly ho tena zanak' i Abrahama sy Isiraely marina? Romana 9:6–8; Galatiana 3:7–9.**

"Nirahina manokana i Isaia hampahalala mazava tsara ny Joda, fa ny atao hoe Isiraelin' Andriamanitra dia zanaka maro tsy mba naterak' i Abrahama ara-nofo avokoa. Fampianarana tsy nifanaraka tamin' ny foto-pinoana izany tamin' izay fotoana izay. Na izany aza anefa dia nilaza tamim-pahasahiana ny hafatra nasain' Andriamanitra nentiny ilay mpaminany, ary dia nitondra fanantenana ho an' izay rehetra nitady fatratra ny fitahiana ara-panahy nampanantenaina ho an' ny taranak' i Abrahama izy."—*Prophets and Kings*, p. 367.

**b. Ahoana no mahatonga ny Jentilisa izay tsy zanak' i Abrahama ara-nofo noheverina fa izany marina ankehitriny? Romana 9:30; 4:11, 12, 16, 17.**

"Izay rehetra tonga zanaky ny finoana amin' ny alalan' i Kristy no isaina ho zanak' i Abrahama; izy ireo no mpandova ny fanekena dia ny teny fikasana. Tahaka an' i Abrahama, dia antsoina izy ireo mba hitandrina sy hampahafantatra izao tontolo izao ny didin' Andrimanitra sy ny filazantsaran' i Jesosy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 476.

## 2. ZANAKA NATSANGAN' I ABRAHAMA

**a. Atsangana ho ankohonan' iza isika rehefa tonga zanak' i Abrahama amin' ny alalan' ny finoana an' i Kristy? Romana 8:14–16; Galatiana 4:4–7.**

"Irin' Andriamanitra ho voavonjy ny olona rehetra, ampy hanatanterahana izany ny nanolorany ny Zanany lahitokana mba hanefa ny onitry ny fahotana. Ireo izay very dia ho very satria nandà ny hatsangan' Andriamanitra ho zanany amin' ny alalan' i Jesosy Kristy. Ny avonavona no hanakana ny olona tsy hanaiky ny famonjena."—*Our High Calling*, p. 78.

**b. Nahoana ny sorona nataon' i Jesosy no afaka manova ny olona iray izay mino ho tonga zanak' Andriamanitra? Galatiana 3:27–29.**

"Mety ho mahavita asa lehibe eo imason' izao tontolo izao ny olona iray; mety ho maro sy avo lenta tokoa ny zava-bitany eo imason' ny olombelona; kanefa ny talenta sy ny fahaizana ary ny fahafaha-manao rehetra eo amin' izao tontolo izao dia tsy afaka manova ny toetra ka mamboatra ny zanaky ny ota ho tonga zanak' Andriamanitra sy mpandova ny lanitra. Tsy manan-kery hanamarina fanahy iray sy hanamasina ny fo ny olombelona. . . . Ilay fanomezana ambony indrindra avy any an-danitra, Ilay tokan' ny Ray, feno fahasoavana sy fahamarinana, Izy irery no afaka manavotra ny very. . . . Ny sorona izay nataon' i Kristy teo amin' ny hazo fijalian' i Kalvary dia mihoatra ny hery mandevona ananan' ny fahotana; ary rehefa manindry ny fon' ny mpanota iray ny fahotana, ka toa tsy ho zaka ny enta-mavesatra, dia manasa azy Jesosy hibanjina Azy mba ho velona."—*The Signs of the Times*, May 2, 1892.

**c. Hazavao, nahoana no nantsoina avy amin' ny firenena sy foko samihafa ny zanak' i Abrahama fa tsy avy ao amin' ny Isiraely ihany. Apokalipsy 7:9, 10; Genesisy 17:4–6; Asa 10:34, 35.**

"Tsy manavakavaka Kristy. Ny fariseho sy ny mpanora-dalàna dia naniry ny hihazona ho azy samirery ireo fanomezan' ny lanitra ka hanilika ireo ankohonan' Andriamanitra hafa avy amin' ny tany samihafa. Tonga anefa Kristy mba handrava ny rindrin' ny fanavakavahana rehetra. Tonga Izy mba haneho fa ny fanomezan' ny famindram-po sy ny fitiavana dia toy ny rivotra, sy ny fahazavana, ary ny orana izay manenika ny tany rehetra."—*Testimonies*, vol. 9, p. 190.

## 3. IREO TSY ZANAK' I ABRAHAMA

**a. Nahoana ny ankabeazan' ireo taranak' i Abrahama ara-bakiteny no nihintsana tsy ho Isiraely marina eo imason' Andriamanitra? Romana 10:1–4.**

---

---

"Nanasaraka ny tenany tamin' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fahotany ireo Isiraelita. Tsy hain' izy ireo ny namantatra ny hevitra ara-panahy lalina noraketin' ny fanompoam-pivavahana tandindona nataony. Vonton' ny fanamarinan-tenany izy, ka nitoky tamin' ny asan' ny tenany, dia ireo fanatitra sy ny fitandremana ny didy, kanefa ireo dia tandindona izay tokony ho nisarika azy ireo ho eo amin' Ilay tena izy. 'Fa satria tsy nahalala ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra izy ka nitady hanamarina ny tenany' (Romana 10:3), niorina teo amin' ireo endrika ivelany izy ireo ka nihevitra ho nanana ny ampy. Rehefa tsy tao aminy intsony ny Fanahy sy ny fahasoavan' Andriamanitra, dia niezaka nameno ny banga tamin' ny alalan' ny fitandremana fatratra ireo fomba amam-panao ara-pivavahana sy ny fisoronana izy ireo. Tsy nahafa-po azy ny didy izay ny tenan' ny Tompo mihitsy no nanome azy, fa nototofany fitsipika tsy hita lany noforonin' ny tenany izany. Arakaraka ny nanalavirany an' Andrimanitra, no nampahahenjana ny fitandremana ireny fombafomba ireny."—*Prophets and Kings*, pp. 708, 709.

**b. Inona no fomba tokana hanamarinana antsika eo anatrehan' Andriamanitra? Galatiana 3:11,12; 2:16. Inona no fiovana miseho eo amin' ny fiainana izay manamporofo fa nohamarinina tamin' ny finoana ny olona iray?**

---

---

"Ny fanamarinana dia fahasoavana zato isan-jato ary tsy vokatry ny asa izay vitan' ny olombelona lavo izany."—*Faith and Works*, p. 20.

"Ny fo miavonavona dia miezaka hahazo ny famonjena; kanefa na ny lanitra na ny fahatomombanantsika ho amin' izany dia raisina ao amin' ny fahamarinan' i Kristy. Tsy afaka manao na inona na inona hanasitranana ny olona iray ny Tompo raha tsy resy lahatra ny amin' ny fahalemeny izy, ary mamotsotra ny fahatokian-tena rehetra sy manolotra ny tenany ho tapahan' Andriamanitra. Rehefa izany dia afaka mandray ny fanomezana izay efa nomanin' Andriamanitra ho azy izy."—*The Desire of Ages*, p. 300.

"Ny olona izay miezaka hahazo ny lanitra amin' ny alalan' ny asa fitandremana ny lalàna dia tsy hahomby na oviana na oviana. Tsy misy vonjy ho an' ny olona izay mitoky amin' ny antokom-pinoana fotsiny ihany. Ny fiainana kristianina dia tsy hoe fanamboarana na fanatsarana ny fiainana teo aloha tsy akory, fa fanovana ny maha izy azy ny tena manontolo. Misy fahafatesan' ny izaho sy ny ota izany, ary fitsanganana ho amin' ny fiainam-baovao. Izany fanovana izany dia asan' ny Fanahy Masina irery ihany."—Ibid., p. 172.

## 4. IREO MPANOMPON' I ABRAHAMA

**a. Ireo izay tsy manaraka ny finoan' i Abrahama izay ao amin' i Kristy tahaka ny zanaka nampanantenaina, dia heverina ho toy ny mpanompo fa tsy zanakalahy na zanakavavy. Inona no hitranga amin' izy ireo? Genesisy 16:3–6; Galatiana 4:30, 31.**

---

---

"Efa tafiditra tao amin' ny sambo fiara i Noa mianakavy, 'dia narindrin' i Jehovah ny varavarana.' . . . Tanana tsy hita maso no nandrindrina ny varavarana mavesatra sy matevina izay tsy zakan' olona avy tao anatiny nakatona. Nohidina tao anatiny i Noa, fa ireo mpaniratsira ny fahasoavan' Andriamanitra kosa dia tavela teo ivelany. Ny tombokasen' ny lanitra no napetraka teo amin' izany varavarana izany, ary Andriamanitra irery no afaka hamoha azy indray. Ho toy izany koa no hanakatonana ny varavaram-pahasoavana alohan' ny hiavian' i Kristy ety ambonin' ny tany, rehefa vita ny asa fifonana ataony any an-danitra. Amin' izay ny fahasoavan' Andriamanitra dia tsy hirotsaka intsony amin' ireo ratsy fanahy, ary hanam-pahefana feno amin' ireo izay nandà ny fahasoavana i Satana."—*Patriarchs and Prophets*, p. 98.

**b. Mpanompon' iza sy andevon' ny inona izy ireo? Jaona 8:31–35, 39–44.**

---

---

"'Tsy fantatrareo va fa raha manolo-tena ho mpanompo ianareo na ho an'iza na ho an'iza, dia mpanompon'izay arahinareo' (Romana 6:16). Raha mampanaram-po ny fahatezerana, ny filàna, ny fitiavam-bola, ny fankahalana, ary ny fitiavan-tena sy ny ota hafa rehetra isika, dia tonga andevon' ny ota. 'Tsy misy olona mahay manompo tompo roa' (Matio 6:24). Raha manompo ny fahotana isika, dia tsy ho afaka hanompo an' i Kristy."—*The Review and Herald*, November 15, 1887.

**c. Nahoana no tsy ho tafiditra any amin' ny tany Kanana izay nampanantenaina ho an' ny taranak' i Abrahama ireo mpanohitra an' i Kristy? Hebreo 3:17–19; Asa 4:10–12; Galatiana 3:9.**

---

---

"Nandritra ny efapolo taona, ny tsy finoana, ny fimonomononana ary ny fikomiana no nanakana ny Isiraely fahiny tsy hiditra ny tany Kanana. Fahotana mitovy amin' izany no manakana ny Isiraely moderna tsy hiditra ny Kananan' ny lanitra ankehitriny. Tsy foana tsy akory ny teny fikasana. Saingy ny tsy finoana, ny fitiavana izao tontolo izao, ny tsy fahamasinana ary ny fifandirana eo amin' ireo mitonon-tena ho vahoakan' Andriamanitra no mihazona antsika an-taonany maro eto amin' ity tontolo feno fahotana sy alahelo ity."—*Evangelism*, p. 696.

# *Alakamisy* *2 February*

## 5. FAMPITANDREMANA HO AN' NY FIANGONANA

**a. Inona no fampitandremana nomena ny fiangonana tany Galatia, ary inona no antony? Galatiana 3:1–6; 4:7–11.**

"Ny famonjena izay novolavolaina ho antsika tamin' ny alalan' Ilay Tompontsika izay nihombo teo Kalvary dia mitarika antsika ho amin' ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra, azontsika atao ny mitandrina ny didy amin' ny alalan' ny fahamarinan' i Kristy izay zaraina amintsika. . . .

"Tsy misy zavatra izay mahatezitra an' Andriamanitra mihoatra noho ny ota. Manafoana ny didin' Andriamanitra isika rehefa manohy mandeha amin' ny fahotana; ny fanahy izay niova fo marina dia hizotra amim-panetren-tena ka hankato ny didin' i Jehovah rehetra. Handalina ny Soratra Masina izy ireo ka hahalala ny fahamarinana. Iza no nanandevo ireo tsy mibebaka sy ireo mpandika lalàna? Ny fahotana indray no nofidiana mihoatra noho ny fankatoavana? Herin' i Satana mihitsy no tonga teo amin' i Adama sy Eva tao Edena, dia ny hery mamitaka sy mambabo avy amin' ilay anjely lavo."—*The Upward Look*, p. 209.

**b. Nanao ahoana ny tolona nataon' i Abrahama ho fihazonana ny finoany, inona no lesona ho antsika avy amin' izany? Genesisy 15:3–6; 17:17, 18; Hebreo 4:1, 2. Ankoatr' izay, miteraka inona ho antsika ny finoana marina? 1 Jaona 5:4, 5.**

"Ny fiainana Kristiana dia tokony hiray ao amin' Andriamanitra amin' ny finoana, sy ny fandresena, ary ny fifaliana. . . . Azon' Andriamanitra atao sady faniriany ny handrotsaka ho an' ny mpanompony ny hery rehetra ilaina, sy hanome ho azy ireo ny fahendrena hiatrehany ny toe-javatra samihafa. Hanao mihoatra noho izay andrasan' ireo mametraka fitokisana aminy Izy."—*The Faith I Live By*, p. 126.

# *Zoma* *3 February*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no maha-zava-dehibe ny finoana ho an' ny Kristiana?**
2. **Nahoana no azon' ny Kristiana atao ny miantso an' Andriamanitra hoe Ray?**
3. **Ahoana no hisorohana ny ozona avy amin' Andriamanitra?**
4. **Inona no maha samy hafa ny mpanompon' i Abrahama sy ny zanany?**
5. **Ahoana no mety hahatonga antsika ho voafatotry ny herin' ny ratsy ka hanimba ny finoantsika?**

# Ilay Fanekena mandrakizay

**"Ary haoriko ny fanekeko ho amiko sy ho aminao mbamin'ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby, ho fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho." (Genesisy 17:7).**

"Tsy fahamarinana vaovao tsy akory ny fanekem-pahasoavana, efa tao an-tsain' Andriamanitra hatry ny fahagola izany. Izany no iantsoana azy hoe fanekena mandrakizay."—*The Signs of the Times*, August 24, 1891.

**Atolotra hovakiana:** *The Faith I Live By*, pp. 76–78, 360–364.

## *Alahady* *5 Febroary*

### 1. NY FANEKENA MANDRAKIZAY

**a. Inona no mampiseho fa mitovy ny fanekena natao tamin' i Abrahama sy ilay notanterahin' i Kristy tao Kalvary? Genesisy 22:16; Hebreo 6:13–18; 9:16.**

---

---

"Ny faneken' i Abrahama dia nohamafisina tamin' ny alalan' ny ràn' i Kristy, ary nantsoina hoe 'fanekena faharoa', na 'fanekena vaovao' izany, satria ny rà izay nanombohan-kase ilay fanekena voalohany dia nalatsaka taty aoriany. Mampiseho izany fa efa fantatra tamin' ny andron' i Abrahama ny fanekena 'vaovao', ary tamin' ny alalan' ny teny fikasana sy ny fianianana nataon' Andrimanitra no nanamafisana azy, ' mba ho zavatra roa loha tsy mety miova, izay tsy hain' Andriamanitra andaingana no hahazoantsika azy.' Hebreo 6:18."—*Patriarchs and Prophets*, p. 371.

**b. Inona no fampanantenana tao amin' ilay fanekena ary tamin' ny fomba ahoana no nahazoan' i Abrahama izany? Genesisy 17:1–8; 15:6; 26:5; Ampit. Galatiana 3:8, 16; Romana 4:20–22.**

---

---

"Io fanekena io no nanolotra ny famelan-keloka sy fahasoavana manampy amin' ny fankatoavana ho an' ny olon-drehetra, izay raisina amin' ny alalan' i Kristy. Io ihany koa no mampanantena ho azy ireo ny fiainana mandrakizay."—Ibid., p. 370.

"Ny lalàn' Andriamanitra no fanorenan' io fanekena io, izay nomanina hamerenana ny olona hifanaraka amin' ny sitrapon' Andriamanitra sy ho afaka hankato ny didiny."—Ibid., p. 371.

## 2. FISAKAIZANA MANDRAKIZAY

**a. Fombaahoana no nanambaran' Andriamanitra ny fanekem-pihavanana izay nataony tamin' i Abrahama sy ny taranany? Levitikosy 26:12. Ampitahao amin' ny Genesis 17:7, 8; Deoteronomia 14:2; 29:13.**

**b. Inona no tombokase nomen' Andriamanitra an' i Abrahama tamin' izany fanekem-pihavanana izany, nahoana? Genesisy 17:11; Romana 4:11.**

"Tamin' izany fotoana izany ny famorana dia nomena an' i Abrahama ho 'tombokasen' ny fahamarinana ny finoana izay efa nananany fony izy mbola tsy voafora' (Romana 4:11). Napetraka ho tandrovan' ilay patriarka sy ny taranany mandimby azy izany mba ho famantarana fa efa natokana ho an' Andriamanitra sy navahana tamin' ny mpanompo sampy izy ireo, ary Andriamanitra efa nanaiky azy ireo ho fananany manokana sarobidy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 138.

"[Ny famorana] dia marika fa ireo izay nandray izany dia voatokana ho amin' ny fanompoana an' Andriamanitra—antoka fa izy ireo dia hitoetra amin' ny fankatoavana ny didin' Andrimanitra sy voasaraka amin' ny fanompoan-tsampy."—Ibid., p. 363.

**c. Inona no fanandramana lehibe tsy maintsy ananantsika ankehitriny raha tehiditra amin' izany 'faneken vaovao' dia ny fanekem-pihavanana amin' Andriamanitra izany? Deoteronomia 10:16; Kolosiana 2:11; Hebreo 8:10; 2 Korintiana 6:16, 17.**

"Tokony hinoantsika fa olom-boafidin' Andrimanitra isika, vonjena amin' ny finoana, amin' ny alalan' ny fahasoavan' i Kristy sy ny asan' ny Fanahy Masina; tokony hidera sy hankalaza an' Andriamanitra isika noho ny famindram-pony amintsika. Ny fitiavan' Andriamanitra no mitaona ny fanahy ho eo amin' i Kristy, mba ho raisina maimaim-poana, ary hatolotra eo amin' ny Ray. Amin' ny alalan' ny asan' Fanahy Masina dia havaozina ny fifandraisana eo amin' Andriamanitra sy ny mpanota. Hoy ny Ray:'Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. Hamindra fo sy ho tia azy Aho ary handrotsaka ny fifaliako eo aminy. Fa ho rakitra sarobidy ho Ahy izy; satria vahoaka izay efa nataoko ho Ahy mba ho fiderana ny Anarako.'"—*The Signs of the Times*, January 2, 1893.

"Ny fepetra handraisana antsika ho anisan' ny ankohonan' Andriamanitra dia ny fivoahana avy eo amin' izao tontolo izao, sy ny fisarahana amin' izay rehetra mandefa hery miasa mangina manimba."—*God's Amazing Grace*, p. 57.

## 3. ASA FISORONANA MANDRAKIZAY

**a. Fa nahoana i Kristy no antsoina hoe mpisoronabe aorian' i Melkizedeka fa tsy aorian' i Arona? Hebreo 5:5, 6; 7:11–16; Matio 1:1, 2.**

"Ny mpisoronabe dia natao hanehoana an' i Kristy, izay tonga mpisoronabe mandrakizay taorian' ny Melkizedeka. Kristy kosa dia tsy hanana mpandimby na olona hafa hihoatra Azy."—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 7, p. 930.

**b. Inona no mampifandray ny asa fisoronana nataon' i Melkizedeka sy izay nataon' i Kristy, ary nahoana no ambony noho ny asa fisoronana nataon' i Arona izany? Ampitahao Hebreo 7:1–3 sy Hebreo 7:20–25; 6:18–20.**

"I Kristy no niteny tamin' ny alalan' i Melkizedeka, ilay mpisoron' Andriamanitra avo indrindra. Tsy Kristy anefa i Melkizedeka, kanefa nanana ny feon' Andriamanitra izy, solotenan' ny Ray."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 409.

"Ny anaran' ity zazakely tsy manan-kery ity. . . no fanantenana ho an'ny taranak' olombelona lavo. Ilay zaza izay nandoavana ny vidin' ny famonjena, nanefa ny onitry ny fahotan' izao tontolo izao. Izy no Ilay tena 'Mpisorona lehibe mitandrina ny tranon' Andriamanitra,' 'manana fisoronana tsy dimbiasana,' ilay mpanalalana 'nipetraka teo amin' ny tanana ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo' (Hebreo 10:21; 7:24; 1:3)."—*The Desire of Ages*, pp. 52, 55.

**c. Inona no tranga miray zotra amin' ny sakafo izay natolotr' ilay mpisoron' Andriamanitra ho an' i Abrahama? Ampitahao Genesisy 14:18–20 sy ny 1 Korintiana 10:16; 11:23–26.**

"Ny mofo sy ny divay dia maneho ny tena sy ny ràn' i Kristy. Ny mofo izay novinaky, sy ny divay izay naidina, dia ny vatan' i Kristy izay toro teo ambonin' ny hazo fijaliana sy ny ràny nalatsaka ho famonjena antsika.

"Amin' ny fihinanana ny mofo sy ny fisotroana ny divay, no anehoantsika fa mino izany isika. Asehontsika fa miaiky ny fahotantsika isika, ary mandray an' i Kristy ho Mpamonjy antsika."—*The Story of Jesus*, p. 98.

## 4. ILAY FANANANA MANDRAKIZAY

**a. Tandindon' ny inona ny fonenana teto an-tany izay nampanantenain' Andrimanitra an' i Abrahama? Genesisy 17:8; Hebreo 11:8–10; Apokalipsy 21:2.**

"Ireo fanandramana maro samihafa niainan' ireo Hebreo dia sekoly nanomana azy ireo ho amin' ilay fonenana nampanantenaina tao Kanàna. Ny vahoakan' Andriamanitra amin' izao andro izao dia hosedraina toy izay natao tamin' ny Isiraely fahiny mba hananany fo milefitra sy fanahy azo anarina, ka handray ireo toromarika hanomana azy ireo ho amin' ny Kanànan' ny lanitra."—*Patriarchs and Prophets*, p. 293.

"Aoka ireo zava-boahary mahafinaritra hitantsika eto an-tany hampahatsiahy antsika ilay ranomasina fitaratra sy ny tanimboly maintso mavana, ireo hazo mihofahofa sy ireo loharano velona, ny tanàna mamiratra ary ny ankanjo fotsy lava, izay miandry antsika any amin' ny fonenan' ny lanitra– tontolon' ny fahatsarana izay tsy hain' ny mpanakanto atao sary, tsy hain' ny lela mety maty tantaraina."—*The Faith I Live By*, p. 279.

**b. Rahoviana ary amin' ny fomba ahoana no handovan' i Abrahama sy ny taranany ny lovany mandrakizay? Matio 25:31, 34; Jaona 14:1–3, Daniela 7:27.**

"Ilay tany izay potika, ny vohontany izay nikitoatoana, dia narindra ho tonga tany lemaka midadasika ankehitriny. Nodiovina tanteraka ny tontolo, ary nifarana mandrakizay ilay fifanandrinana lehibe. Izay tazanin' ny maso, dia indro tonga lafatra sy masina. Ary ny voavotra rehetra, na antitra na tanora, ny kely sy ny lehibe, dia nametraka ny satroboninahiny teo an-tongotry ny Mpanavotra azy ireo, ka niankohoka tamim-panajana teo anatrehany, ary nankalaza Azy mandrakizay doria. Ilay tany vaovao tsara tarehy, miaraka amin' ny voninahiny rehetra no lovan' ireo olona masina mandrakizay. Natolotra ho an' ny olona masin' ny Avo Indrindra ny fanjakana sy ny fanapahana, ary ny fahalehibeazan' ny fanjakana ety ambanin' ny lanitra, ireo no ho fananany mandrakizay, eny mandrakizay doria."—*Early Writings*, p. 295.

"Tsy hotanteraka ny fanorenana ny fanjakam-boninahitr' i Kristy ambara-piverenany indray eto an-tany. 'ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibeazan'ny fanjakana eny ambanin'ny lanitra rehetra, dia homena ny olo-masin'ny Avo Indrindra' (Daniela 7:27). Izy ireo no handova ny fanjakana izay voaomana ho azy ireo 'hatrizay nanorenana izao tontolo izao' (Matio 25:34). Ary handray ny heriny Kristy ka hanjaka."—*Thoughts From the Mount of Blessing*, p. 108.

# *Alakamisy* *9 Febroary*

## 5. FIAINANA MANDRAKIZAY

**a. Inona no teny fikasana lehibe indrindra nomena tamin' ilay fanekana mandrakizay? Galatiana 3:29; 1 Jaona 5:11; Apokalipsy 21:3, 4.**

"Ho avy ny andro izay hamitana ny ady, hahazoana ny fandresena. Hatao eto an-tany tahaka ny any an-danitra ny sitrapon' Andriamanitra. Ireo firenen' ny voavotra dia tsy hahalala lalàna hafa ankoatry ny lalàn' ny lanitra. Ho sambatra ny rehetra, ho fianakaviana iray, hitafy ny akanjom-piderana sy fisaorana—dia ny akanjom-pahamarinan' i Kristy."—*The Ministry of Healing*, p. 506.

"[Any an-danitra], Tsy misy fahadisoam-panantenana, tsy misy alahelo, tsy misy fahotana, tsy hisy intsony hilaza hoe 'marary aho'. Tsy misy fandevenana, tsy misy fisaonana, tsy misy fahafatesana, tsy misy fisarahana, tsy misy ratram-po; ary Jesosy dia ho eo, handry fahalemana ny tany. . . . Feno fifaliana ny fanatrehany, ary eo an-tanan-kavanany dia misy fahafinaretana mandrakizay!"—*My Life Today*, p. 349.

**b. Inonanofanantenanatsymaintsyamikirantsika?Titosy2:11–13;Hebreo 10:35–37.**

"Mahareta, ry miaramila Kristiana. Kely sisa dia ho avy Ilay nandrasana. Ho tapitra tsy ho ela ny alina izay niandrasana sy niambenana. Hatolotra tsy ho ela ny valisoa; ho tonga ny andro tsy mana-pahataperana. Tsy misy fotoana hatoriana intsony ankehitriny—tsy misy fotoana holaniana amin' ny fitolokoana. Izay rendremana ankehitriny dia tsy ho afaka hanararaotra ireo fotoana sarobidy hanaovana ny tsara. . . . Ny fanahy novonjena tsirairay dia ho tonga kintana eo amin' ny satroboninahitr' i Jesosy, Ilay Mpanavotra antsika."—*Christian Service*, p. 275.

# *Zoma* *10 Febroary*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Ahoana no ahafahantsika mitoky amin' ny Tenin' Andriamanitra?**
2. **Ahoananofombahananantsikafanekem-pihavananaamin'Andrimanitra tahaka an' i Abrahama?**
3. **Afaka matoky ny asa fisoronana ataon' i Kristy ve isika? Hazavao.**
4. **Inona no fanantenana ho an' ny zanak' i Abrahama?**
5. **Nahoananyfiainanamandrakizaymiarakaamin'Andriamanitranofanantenana mahafinaritra ho an' ny kristiana ?**

# Fahasoavana mandrakizay

**"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra" (Efesiana 2:8).**

"Ny fahasoavana dia tombotsoa atolotra ho an' ny olona iray tsy sahaza izany, olona iray izay very. Amin' ny maha mpanota antsika, raha tokony ho noroahina tsy hahazo ny famindram-po sy ny fitiavan' Andriamanitra isika, dia nasehony tamintsika kosa ny fitiavany izay ilaintsika indrindra raha te ho voavonjy isika."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 347.

**Atolotra ho vakiana:** *Patriarika sy Mpaminany*, tt. 371–384; *Faith and Works*, pp. 15–28.

## *Alahady* *12 Febroary*

### 1. NY FANEKENA VAOVAON' NY TENY FIKASANA

a. **Tamin' ny fomba ahoana no nanaovan' Andriamanitra ny fanekena vaovao tamin' i** Abrahama—ary inona ihany koa no nataony taoriana kely mba hanamafisana izany fanekena izany, nahoana? Galatiana 3:14–18; Hebreo 6:13–18.

b. **Inona no zavatra nataon' i Abrahama ka nahatonga azy ho mendrika izany fanekem-pitahiana izany—ary inona no ianarantsika avy amin' izany mahakasika ny toetran' Andriamanitra manoloana ny mpanota? Genesisy 12:1–3; 1 Korintiana 1:26–31; Romana 3:10–12.**

"Ny fahasoavana dia tolotra avy amin' Andriamanitra ho an' ny olombelona tsy mendrika. Tsy isika no nitady izany, fa natolotra antsika izany. Mahafaly an' Andriamanitra ny mandrotsaka ny fahasoavany ho amintsika, tsy hoe mendrika izany isika, fa isika indrindra aza no tena tsy mendrika."—*The Ministry of Healing*, p. 161.

"Arakaraka ny tsy fahamendrehan'ny mpandray no maha be ny famindram-pon' Andrimanitra be voninahitra."—*General Conference Daily Bulletin*, January 28, 1893.

## 2. NY FANEKENA TALOHA AVY AMIN' NY ASA

**a. Nahoana Andriamanitra no nanao fanekena hafa tamin' ny alalan' i Mosesy 430 taona taty aoriana—ary nahoana no tsy mahafoana ny fanekena vaovao ny amin' ny teny fikasana izany? Deoteronomia 4:12, 13; Eksodosy 19:5–7; Galatiana 3:17; 1 Petera 1:18–20.**

"Nandritra ny fanandevozana dia saiky hadino [ny Isiraely] manontolo ny fahalalana an' Andriamanitra sy ireo fitsipika voarakitra tao amin' ny fanekena natao tamin' i Abrahama. . . . Naniry ny haneho ny heriny sy ny famindram-pony tamin' izy ireo Andrimanitra, mba hitaona azy ireo ho tia sy hiankina Aminy, hahatsapa ny filany ny fanampian' Andriamanitra; mba ho fantany fa niasa tamin' ny nanafahana azy ireo Izy. . . .

"Nivelona tao anivon' ny fanompoan-tsampy izy ireo ka tsy takany intsony na ny fahamasinan' Andriamanitra, na ny faharatsian' ny fony izay efa tafahoatra. Tsy tsapany fa tsy afaka hankato tanteraka ny lalàn' Andriamanitra amin' ny herin' ny tenany izy, tsy tsapany ny filàny Mpamonjy. Izany rehetra izany dia tsy maintsy ho nampianarina azy ireo."—*Patriarchs and Prophets*, pp. 371, 372.

"Ny fanekena 'taloha'—dia nifanaovan' Andriamanitra sy ny Isiraely tao Sinay, ny ran' ny zanak' ondry natao fanatitra no nampisy lanja azy. Ny ran' i Kristy kosa no nampisy lanja ny fanekena natao tamin' i Abrahama, ary antsoina hoe 'fanekena faharoa', na 'fanekena vaovao' izany satria ny rà izay nanisiana tombo-kase azy dia nalatsaka taorian' ilay rà nanombohan-kase ny fanekena voalohany."—Ibid., p. 371.

**b. Nanao ahoana ny fihetsiky ny olona nanoloana ny fitakin' Andrimanitra tao amin' ny fanekena taloha? Eksodosy 19:8. Mety ho tafalatsaka ao amin' ny loza mitovy amin' izany koa ve isika?**

"Tsy takatry ny sain' ny olona ny haben' ny fahotan' ny fony, ary raha tsy misy an' i Kristy dia tsy ho afaka hankato ny lalàn' Andriamanitra izy."—Ibid, pp. 371.

"Ireo izay mihevitra fa tsy mila ny ràn' i Kristy, tsy mila ny fahasoavan' Andriamanitra fa hahazo ny fankasitrahan' Andriamanitra amin' ny alalan' ny asa tsara, dia manao fahadisoana mitovy ny an' i Kaina. Raha tsy manaiky ny rà izay manadio izy ireo, dia ho eo ambany fanamelohana."—Ibid., p. 73.

"Ny fanamarinan-tena dia loza mitatao amin' izao vanin' andro izao, mampisaraka ny fanahy amin' i Kristy izany. Ireo izay mitoky amin' ny fahamarinan' ny tenany dia tsy afaka hahatakatra fa ny famonjena dia avy amin' i Kristy. Fahamarinana no iantsoany ny ota ary ny fahamarinanana dia lazainy fa ota. Tsy hainy ny maha ratsy ny fandikan-dalàna, tsy takany ny zava-mahatahotra avy ao amin' ny lalàna, satria tsy manaja ilay didin' Andriamanitra tsy miova izy."—*Faith and Works*, p. 96.

## 3. AVY AMIN' NY TALOHA HO AMIN' NY VAOVAO

**a. Inona no tanjon' ny lalàna moraly nandritra ny fanekena taloha ary inona ireo tanjony izay mbola ilaina ankehitriny? Romana 7:7, 9–13, 20; 3:19-20.**

"Ny didy dia nomena mba handresy lahatra ny amin' ny ota, ary haneho ny filan' izy ireo Mpamonjy"—*The Desire of Ages*, p. 308.

**b. Inona no fanovana atao amin' ny fombantsika manoloana ny didin' Andriamanitra amin' izao fanekena vaovao izao, ary inona no fiovana tokony ho hita eo amin' ny fiainantsika? Hebreo 8:10; Salamo 40:8; Ezekiela 36:26, 27; Kolosiana 3:9, 10.**

"Ilay lalàna izay nosoratan' ny Fanahy Masina teo amin' ny vato fisaka ihany no mbola nosoratany ao amin' ny vato fisaky ny fontsika. Aoka tsy hitady izay hanorenana ny fahamarinan' ny tenantsika isika, fa hanaiky kosa ny fahamarinan' i Kristy. Ny rany no manafaka ny fahotantsika. Isaina ho antsika ny fankatoavany. Noho izany dia afaka hamokatra 'ny vokatry ny Fanahy' ny fontsika izay efa nohavaozin' ny Fanahy Masina. Mivelona amin' ny fanakatoavana ny didy isika noho ny fahasoavan' i Kristy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 372.

"Ny fanovana ny fon' olombelona, ny fanamboarana ny toetrany, dia fahagagana maneho ny Mpamonjy velona mandrakizay, miasa ho fanavotana ireo fanahy."—*The Desire of Ages*, p. 407.

**c. Tamin' ny fomba ahoana no nanatanterahan' ny fanekena vaovao ny hevitra ara-panahy sy ny tena fikasan' ny lalàna? Ary inona no resahana momba an' i Abrahama mikasika? Matio 5:20–22, 27, 28, 31–48; Romana 13:8–10; Genesisy 26:5.**

"Ny fankatoavana dia tsy fanarahana eo ivelany fotsiny, fa fanompoam-pitiavana. Ny lalàn'Andriamanitra dia fanehoana ny tena toetrany indrindra, io no fanehoana ilay foto-kevi-dehiben' ny fitiavana, ary avy ao no miainga ny fanorenana ny fanjakan' Andriamanitra any an-danitra sy ety an-tany. Raha havaozina araka ny endrik' Andriamanitra ny fontsika; raha aorina ao anatin' ny fanahintsika ny fitiavan' Andriamanitra, moa tsy hisongadina eo amin' ny fiainantsika va ny lalàn' Andriamanitra? Rehefa voavoly ao am-pon' ny olona ny didim-pitiavana, raha voaova hanana ny endrik' Ilay Mpamorona azy izy, dia tanteraka ny teny fikasana ny amin' ny fanekena vaovao hoe:'Hataoko ao am-pony ny lalàko sady hosoratako ao an-tsainy' (Hebreo 10:16). Koa raha voasoratra ao am-po ny lalàna, tsy hamboatra ny fiainana va izany?"—*Steps to Christ*, p. 60.

## 4. AMIN' NY FAHASOAVANA AVY AMIN' NY FINOANA

**a. Inona no fanomezana nomen' Andriamanitra maimaimpoana ho an' i Abrahama noho ny finoany? Romana 4:22; Galatiana 3:6.**

"Sarobidy ny fiheverana fa ny fahamarinan' i Kristy dia zaraina ho antsika, tsy noho ny fahamendrehana avy amintsika, fa fanomezana maimaimpoana avy amin' Andriamanitra. Tsy tian' ny fahavalon' Andriamanitra sy ny olona hiseho mibaribary izany fahamarinana izany; satria fantany fa raha voarain' ny vahoaka amin' ny fahafenoany izany, dia ho lefy ny heriny."—*Gospel Workers*, p. 161.

"Ny fahasoavan' i Kristy dia manamarina maimaimpoana ny mpanota tsy mitaky fahamendrehana na fepetra avy aminy. Ny fanamarinana dia famelan-keloka feno sy tanteraka. Amin' ny fotoana izay andraisan' ny mpanota an' i Kristy amin' ny alalan' ny finoana, dia voavela heloka izy. Ny fahamendrehan' i Kristy dia isaina ho azy, ary tsy tokony hisalasala ny amin' ny famelan-keloka sy ny fahasoavanan' Andiamanitra intsony izy."—*The Faith I Live By*, p. 107.

**b. Inona no nataon' i Abrahama ka nilazana fa marina izy—ary inona no fomba tokana hahatonga ny mpino ho voavonjy toy izany? Romana 4:1–5; Efesiana 2:8, 9.**

"Amin' ny alalan' i Kristy irery ihany no ahazoana antoka fa hanaiky antsika Andriamanitra, ary rehefa voavela heloka sy notiavina isika dia hiteraka asa tsara eo amintsika izany. Tsy ananan-trosa isika, ary tsy misy zavatra omena antsika noho ny asa tsara vitantsika. Tsy afaka hitaky ampahany amin' ny famonjena ho takalon' ny asa tsara vitantsika isika. Ny famonjena dia fanomezana maimaimpoana avy amin' Andriamanitra ho an' ny mino, atolotra azy noho ny amin' ny fitiavan' i Kristy irery ihany."—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 5, p. 1122.

**c. Na dia fanomezana aza ny finoana (jereo Romana 12:3 (tapany farany)), hataontsika inona moa izany? Jaona 3:16; Lioka 7:1-9; Romana 10:17.**

"Ilay finoana izay ahazoantsika mandray ireo fanomezan' Andriamanitra dia mbola fanomezana ihany koa. Misy anefa fandraisana anjara takiana avy amin'ny olombelona tsirairay. Arakaraka ny andinihana ny tenin' Andriamanitra no mampitombo azy. Tsy maintsy akasika matetika eo amin' ny Tenin' Andriamanitra ny finoana mba hanatanjahana azy."—*Education*, pp. 253, 254.

"Tsy ho voavony ny lehilahy sy ny vehivavy raha tsy manatanjaka ny finoany izy ireo, ary manorina eo ambon' ny fanorenana azo antoka, raha tsy mamela an' Andriamanitra hanao famoronana indray ao anatiny amin' ny alalan' ny Fanahiny Masina."—*The Signs of the Times*, February 14, 1900.

# *Alakamisy* *15 Febroary*

## 5. TOMBOTSOA TSY SAHAZA

**a. Inona ilay tombotsoa tsy sahaza, nampanantenaina ao amin' ny fanakena vaovao? Genesisy 12:3; 1 Jaona 4:14; Efesiana 2:4–8; Romana 5:15–18.**

---

---

"Noho ny tsy fankatoavantsika dia mendrika ny fahatezarana sy ny fanamelohan' Andriamanitra isika, kanefa dia tsy nanameloka antsika Izy."—*God's Amazing Grace*, p. 10.

"Ireo izay hiditra any an-danitra dia tsy nolanjaina tamin' ny fahamarinana nananany, tsy ny fanatitra lafo vidy toy ny volamena na volafotsy no hanokatra ny vavahadin' ny lanitra ho azy ireo; mahazo miditra ao amin' ny fitoerana maron' ny Ray izy ireo noho ny fahamendrehan' ny hazo fijalian' i Kristy."—Ibid, p. 179.

**b. Ahoana no ahafahan' ny mpanota iray hahazo maimaimpoana ny fanomezan' ny fanavotana avy amin' ny Jesosy Kristy? Jaona 1:12; Romana 5:17; Hebreo 11:8.**

---

"Izay rehetra mino fa Kristy no fanati-panavotana dia mahazo manantona ary mandray ny famelana ny helony; amin' ny alalan' ny fahamendrehan' i Kristy, dia misokatra ho an' ny olombelona ny fifandraisana amin' Andriamanitra. Eken' ny Ray ho toy ny Zanany aho, ary afaka miantso Azy toy ny Raiko be fitiavana sy mifaly ao Aminy . Ao amin' i Kristy irery ihany no tsy maintsy ampifantohantsika ny fanantenana ny lanitra, satria Izy no mpisolo sy antoka ho antsika."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 363.

**c. Inona ireo zavatra roa izay noravan' Andriamanitra tamin' ny alalan' ny fahasoavany mahagaga? Romana 8:2; 1 Jaona 3:5, 8; 2 Timoty 1:10.**

---

# *Zoma* *17 Febroary*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Hazavao ny hoe "teny fikasana" raha tarafina amin' ny tsy fahaizan' Andriamanitra mandainga?**
2. **Inona no antony nanaovana ny fanekena taloha—ary nahoana no tsy nilàna ny finoana izany?**
3. **Ahoana no anoratan' Andriamanitra ao am-po sy saintsika ny lalàn' ny fitiavany?**
4. **Nahoana isika no tsy afaka mitaky ny famonjena ho valin' ny asa tsara vitantsika?**
5. **Nahoana no tsy ho afaka hireharehanya amin' ny finoantsika mihitsy isika?**

# Finoana miasa

**"Tsy nohamarinina tamin'ny asa va i Abrahama razantsika tamin'ny nanaterany an'i Isaka zanany teo ambonin'ny alitara?" (Jakoba 2:21).**

"Maro ireo izay tsy mahatakatra ny fifandraisana eo amin' ny finoana sy ny asa. Hoy izy ireo:'Minoa an' i Kristy fotsiny ihany, dia ho velona ianao. Tsy mila mitandrina ny lalàna ianao.' Ny finoana marina anefa dia miseho amin' ny fankatoavana."—*Patriarchs and Prophets*, pp. 153, 154.

**Atolotra hovakiana:** *Faith and Works*, pp. 47–54, 111–116.

## *Alahady* *19 Februoary*

### 1. FINOANA MIASA

**a. Inona no porofo fa nino an' Andriamanitra i Abrahama? Genesisy 22:1–5; Jakoba 2:21–24.**

"Nino an' Andriamanitra i Abrahama. Ahoana no ahafantarantsika fa nino izy? Ny asany no nanamarina ny toetry ny finoany, ary ny finoany dia nisaina ho fahamarinany."—*Reflecting Christ*, p. 79.

**b. Inona no fifandraisana misy eo amin' ny finoana sy ny asa? Jakoba 2:17, 18; Matio 7:16–20. Mamoa voa manao ahoana ny Kristiana?**

"Ny asa tsara dia tsy mahavonjy na oviana na oviana, kanefa izany dia porofon' ny finoana miasa am-pitiavana, manadio ny fanahy izany."—*The Desire of Ages*, p. 314.

"Ny hazo tsara ihany no mamoa voa tsara, dia toy izany koa ny hazo izay nambolena ao amin' ny zaridainan' Andriamanitra ankehitriny, hamoa voa tsara hatrany amin' ny fiainana mandrakizay izany. Ny toetra ratsy indrindra dia ho resy; ny fisainanana ratsy dia ho voaroaka; ho voadio amin' ny fahazaran-dratsy ny tempolin' ny fanahy. . . . Fiovana tanteraka no hisolo toerana ireo."—*The SDA Bible Commentary* [E. G. White Comments], vol. 6, p. 1080.

## 2. ASAN' ANDRIAMANITRA

**a. Ahoana no nanehoan' i Abrahama ny finoany an' Andriamanitra? Satria nasehony tamin' ny asa ny finoany, Inona no nasehon' i Abrahama mahakasika ny finoany? Jakoba 2:22; Genesisy 22:12.**

"Ny finoana dia miasa amin' ny fitiavana ary manadio ny fanahy. Ny finoana mamony sy mamelana ary mitondra voa sarobidy ho amin' ny finjinjana. Eo amin' ny finoana tsara, dia misy asa tsara."—*Selected Messages, bk. 1, p. 398.*

**b. Avy aiza ny asa tsara? Ampitahao amin' ny Jeremia 17:9; Romana 3:12 ny Efesiana 2:10; Titosy 2:13, 14.**

"Ny finoana marina dia miseho amin' ny asa tsara; satria ny asa tsara no voa entin' ny finoana. Rehefa Andriamanitra no miasa ao am-po, ka mampilefitra ny sitrapo sy miara-miasa Aminy ny olona, dia hiseho ety ivelany ny asa izay ataon' Andriamanitra ao anatiny amin' ny alalan' ny Fanahy Masina, amin' izay dia hisy firindrana eo amin' ny fanirian' ny fo sy ny fomba fiaina. Tsy maintsy ialana ny fahotana, toy ny zava-dratsy izay nanombo ny Tompon' ny voninahitra teo amin' ny hazo fijaliana, ary ny mpino dia tsy maintsy manana fanandramana mitombo amin' ny alalan' ny fanaovana ny asa' i Kristy mitohy hatrany. Ny fampilefarana ny sitrapo isan' andro no hihazonantsika ny fitahiana sy ny fanamarinana."—Ibid., p. 397.

"Raha mahatoky amin' ny fanaovana ny anjarantsika isika, amin' ny fiaraha-miasa Aminy, dia hampiasa antsika Izy mba hanatanteraka ny fifaliana amin' ny sitrapony. Kanefa Andriamanitra dia tsy afaka mampiasa antsika raha tsy manao ezaka isika. Raha mahazo ny fiainana mandrakizay isika, dia tsy maintsy miasa, ary miasa amim-pahamendrehana. . . . Tsy maintsy manaraka ny ohatra navelan' i Kristy isika, mampilefitra ny zavatra rehetra eo Aminy. Ny sitrapontsika dia hifanaraka amin' ny sitrapony."—*The Review and Herald*, June 11, 1901.

**c. Inona no tsy maintsy atao voalohany, mialohan' ny hanaovan' ny Kristiana ny asan' Andriamanitra? Efesiana 2:1–5; Galatiana 2:20; Jeremia 29:13.**

"Ny fametrahana ny momba antsika manontolo eo an-tanana' ny Tompo no fomba tokana ahazoantsika antoka ny fanampian' Andriamanitra, matoky Azy fa hiasa ho antsika Izy. Rehefa mitoetra eo Aminy amin' ny finoana isika, dia hanao ny asa Izy. Ny mpino dia afaka ny hino fotsiny. Hanao asa mitovy amin' ny an' Andriamanitra isika, matoky azy ary manao ny sitrapony."—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 6, p. 1080.

## 3. FINOANA MATY

**a. Inona no fahasamihafana eo amin' ny finoana maty sy ny finoana velona? Jakoba 2:19, 20; Marka 7:6, 7.**

"Ny finoana marina, izay miray tanteraka amin' i Kristy, dia hiseho amin' ny alalan' ny fankatoavana ireo fitakian' Andriamanitra rehetra. . . . Nisy hatrany hatrany ny olona izay nitaky ny tombotsoa avy amin' Andriamanitra ho zo, eny fa na dia tsy nitandrina ny didiny aza izy. Kanefa ny Soratra Masina dia milaza fa amin' ny asa no 'nanatanterahana ny finoana'; ary raha tsy ny asa fankatoavana, dia 'maty' ny finoana. (Jakoba 2:22, 17)."—*The Faith I Live By*, p. 91.

"Maro ireo mifaly amin' ny fanompoana eo imolotra, ary indrisy fa vitsy ireo tia fatratra an' Andriamanitra ka manompo amin' ny fo sy am-panetren-tena."—*Testimonies*, vol. 4, p. 534.

**b. Afaka maneho asa tsara ve ny olona manana finoana maty? Matio 23:27, 28; 7:21–23.**

"Ny tsara fanahy dia mitondra zava-tsoa avy ao amin' ny haren' ny fo sarobidy. Nahoana? Satria i Kristy no mitoetra ao amin' ny fanahiny. Ny fahamarinana nohamasinina no trano fitahirizam-pahendrena ho an' ireo mandala ny marina. Toy ny loharano velona, dia miboiboika hatrany amin' ny fiainana mandrakizay izy. Etsy andaniny, izay tsy manana an' i Kristy mitoetra ao am-pony dia ho afa-po amin' ny teny tsy misy lanjany, teny tafahoatra izay miteraka fahasimbana. Misy lela izay manonona zava-dratsy, miteniteny foana sy manao teny tsy maontina, izany lela izany dia mila atehika amin' ny vainafo."—*Mind, Character, and Personality*, vol. 2, p. 577.

"Tsy misy olona afaka hanana ny fanahy sy ny sain' i Kristy raha tsy tonga tsara kokoa eo amin' ny fifandraisany rehetra sy ny andraikiny amin' ny fiainana."—*Testimonies*, vol. 4, p. 347.

**c. Inona no zavatra tsy ho hita na oviana na oviana eo amin' ny asan' ireo manana finoana maty? 1 Jaona 4:20, 21; Jaona 8:37–41.**

"Ny fankatoavana ny teny dia miteraka ny voan' ny fahatsarana ilaina—'fitiavan-drahalahy tsy miangantra' (1 Petera 1:22). Io fitiavana io dia avy any an-danitra ary mitarika hiala amin' ny asan' ny fitiavan-tena."—*The Acts of the Apostles*, p. 520.

## 4. NY FOTONY SA NY VOANY?

**a. Inona no mitranga rehefa manjary fototry ny fanandramana Kristiana ny asa tsara fa tsy voany? Matio 23:5.**

“Ireo Fariseo dia nikatsaka izay hiavahana tamin’ ny alalan’ ny fombafomba sarotiny fanaony, sy ny fisehosehoana ara-pivavahana ary fanaovana fiantrana. Asehon’ izy ireo amin’ ny alalan’ ny ady hevitra ny fahavitrihany amin’ ny fivavahana. Lava sady maresaka tokoa ny fifamaliana nifanaovana tamin’ ireo sekta mpanohitra, ary mahazatra ny mandre feo misafoaky ny hatezerana ataon’ ireo mpanora-dalàna eny an-dalambe.

“Mifanohitra amin’ izany no voamarika teo amin’ ny fiainan’ i Jesosy iray manontolo. Fianana tsy misy tabataban’ ny fifandirana, tsy misy fisehosehoana ara-pivavahana, tsy misy asa mangataka doka no nasehony. Niafina tao amin’ Andriamanitra Kristy, ary niseho teo amin’ ny toetran’ ny Zanany Andriamanitra.”—*The Ministry of Healing*, p. 32.

**b. Inona no tokony ho fototry ny fanandramana Kristiana? Galatiana 6:14.**

“Ireo anjely dia nanolotra fanajana sy voninahitra ho an’ i Kristy, satria na izy ireo aza dia tsy voaaro raha tsy amin’ ny alalan’ ny fibanjinana ny fahorian’ Ilay Zanak’ Andriamanitra. . . . Raha tsy ny hazo fijaliana dia tsy misy antoka ho azy ireo hanoherana ny ratsy toy ny nanjo ireo anjely fahiny izay lavo tamin’ i Satana. . . . Ireo rehetra maniry ny fiarovana eto an-tany na ny lanitra dia tsy maintsy mijery Ilay Zanak’ ondrin’ Andriamanitra. . . .

“Raha mibanjina ny fitiavan’ i Kristy naseho teo amin’ ny hazo fijaliana ny olombelona, dia hohatanjahina ny finoany mba hifanaraka amin’ ny fahamendrehan’ ny Rany latsaka, ary dia ho diovina izy ireo ka ho afaka amin’ ny ota.”—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 5, pp. 1132, 1133.

**c. Ahoana no fijerin’ ny Kristiana marina ny asany rehefa hazavain’ ny asan’ i Kristy? Filipiana 3:4–9; Isaia 6:5.**

“Arakaraka fitomboan’ ny fanetren-tenany [Ireo mpanara-dia an’ Andriamanitra] no ahitany bebe kokoa ny toetran’ i Kristy, ka mihena ny fiheveran-tena ho zavatra. . . . Ny fitiavan-tena kosa dia manajamba ny fieritreretan’ izy ireo, tsy hitany ny fahalemeny ary tsy tazany ny voninahitr’ Andriamanitra.”—*That I May Know Him*, p. 122.

# *Alakamisy* 23 Febroary

## 5. KRISTIANA MAMOA BE

**a. Nahoana Andriamanitra no maniry ny mba hananan' ny Kristiana fiainana fanaovan-tsoa avy ao amin' ny fo efa voaova? Matio 5:14–16; 1 Petera 2:9.**

---

---

"Planin' Andriamanitra ny hahatonga ny olony ho tonga misionerany. Ny fankatoavan' ireo Kristiana no modely itsaran' izao tontolo izao ny filazantsara. Niteraka faharetana ireo zava-tsarotra, noraisina tamim-pankasitrahana ireo fitahiana. Ny fahalemem-panahy, ny famindram-po, ary ny fitiavana no niseho teo aminy isan' andro vaky, fahazavana izay mitaratra eo amin' ny toetra tazan' izao tontolo izao, maneho ny fahasamihafana eo amin' ny maizina izay avy amin' ny fitiavan-tena, avy ao am-pon' olombelona."—*Patriarchs and Prophets*, p. 134.

"Rehefa miseho eo amin' ny teny sy ny asan' ny mpino ny fahasoavan' i Kristy, dia hahatratra ireo izay mitoetra ao amin' ny maizina ny tara-pahazavana; satria ny molotra dia miventy fiderana an' Andriamanitra, ary ny tanany mitsotra manao soa sy manampy ny very."—*Sons and Daughters of God*, p. 276.

**b. Araka ny tantara, ahoana no fahalalan' i Kristy ny fiangonany? Apokalipsy 2:2, 9, 13, 19; 3:1, 8, 15. Nahoana no zava-dehibe amin' i Jesosy ny asan' ireo mpanaraka Azy? Jakoba 2:21, 22, 24; Apokalipsy 22:12.**

---

---

"Mijery antsika ny mason' izao tontolo izao, olona maro izay tsy fantatsika akory no manara-maso antsika. Ireo dia olona mahalala ny foto-pinoana izay torintsika, ary mitsikilo izay vokatry ny finoantsika eo amin' ny toetrantsika."—*Selected Messages*, bk. 2, p. 386.

"Maniry fatratra ny fanehoana an' i Jesosy Kristy eo amin' ny olony masina izao tontolo izao."—*In Heavenly Places*, p. 313.

# *Zoma* 24 Febroary

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Nahoana no ny finoana marina no miasa?**
2. **Ahoana no ahazoantsika antoka fa ny asantsika dia avy amin' Andriamanitra?**
3. **Tsy hiteraka asam-pitiavana tsy misy fitiavan-tena na oviana na oviana ny fo tsy voaova, nahoana?**
4. **Hazavao ny fahasamihafana eo amin' ny fototra sy ny voan' ny fanandramana.**
5. **Inona no andrasan' Andriamanitra sy izao tontolo izao eo amin' ny fiangonana Kristiana?**

## Fanatitry ny Sabata voalohany Hananganana trano fivavahana any Bengaluru, India




Bengaluru (fantatra teo aloha tamin' ny hoe Bangalore) dia renivohitry ny tanàna iray any amin' ny fanjakan' i Karnataka any India. Izy no renivohi-dehibe fahadimy, izay misy mponina mihoatra ny 11 tapitrisa tamin' ny 2016.Bengaluru no mpanondrana varotra ara-teknolojia voalohany ao amin' io firenena io.

Tamin' ny 2009 no tafiditra taty ny asan' ny fiangonantsika rehefa nisy rahalahy iray niaraka tamin' ny olona maromaro liana fatratra tamin' ny hafatra entintsika ka naneho ny faniriany hiaraka tamin' ny Fihetseham-panavaozana. Rehefa notarihan' ny fahamarinana izy ireo dia tafakambana tamin' andian' ondrin' i Kristy.

Nandritry ny taona maro dia nanao fivoriam-bavaka tao amin' ny toerana kely iray izay nofaina io vondrona io. Ary tamin' ny 2014, noho ny fitomboan' ny fiangonana dia nifindra tamin' ny toerana iray antonona ireo olona rehetra ireol, izay mbola nofaina ihany koa. Ilay efitrano nofaina anefa dia any amin' ny rihana faharoa, ary tohatra ihany no lalana mankany; ary tena mandreraka ireo be antitra ny miakatra sy midina lava eo isaky ny misy fivoriam-bavaka. Noho izany dia naniry ny hanana toerana raikitra ho azy manokana ireo rahalahy ireo mba hivoriana. Ary nanana fikasana hividy tany. Tena sarotra dia sarotra ny fividianana tany, satria tena lafo dia lafo ny tany aty amin' ny tanàn-dehibe tahaka itony Bengaluru itony. Mitangongo ao amin' ny renivohitra ny olona aty mba hitady asa sy hanao raharaham-barotra ka mahatonga ny fiakaran' ny vidim-piainana ho tena ambony dia ambony izany. Na izany aza anefa, noho ny fanampian' ny Tompo, dia afaka nividy tany kely mahafinaritra ireo rahalahintsika.

Ankehitriny dia mikasa ny hanangana fiangonana ho an' ny Tompo ao amin' ity renivohitry mandroso ity ireo rahalahintsika, toerana izay ahafahan' ny filazantsara ho voatory amin-kery amin' ireo izay very. Fanirianay amim-bavaka ny mba hanokafan' Andriamanitra ny varavaran' ny lanitra ka handrotsahany fitahiana ho an' izany tetik' asa izany.

Amin' izao fotoana izao, dia tianay ny hanao antso aminareo, izay mpiray fanantenana maneran-tany, mba hanampy anay hamita izany fikasana izany. Tonom-bavakay ny mba hanokafan' ny Tompo ny fonareo ka hanomezanareo amim-pifaliana amin' izao fanatitry ny Sabata voalohany izao. Ny fanampiana rehetra izay omenareo dia tena fifaliana lehibe mihitsy ho anay mpino aty Bengaluru. Ary maniry ihany koa izahay ny mba hitondranareo am-bavaka izany fikasana izany mba ho tontosa tsara.

Andriamanitra anie hitahy betsaka anareo amin' ny fahalalan-tananareo manohana izany fikasana izany amin' izao Sabata izao

*Ireo rahalahinareo sy rahavavinareo avy aty Bengaluru*

# Ny Mpamonjin' i Abrahama

**"Ravoravo i Abrahama rainareo hahita ny androko; ary nahita izy ka faly" (Jaona 8:56).**

"Tamin' ny alalan' ny fomba amam-panao tandindona sy tamin' ny alalan' ny teny fikasana, "dia nitory ny filazantsara tamin' i Abrahama" (Galatiana 3:8). Ary tamin' ny alalan' ny mason' ny finoana no nitazanan' ilay patriarka ny Mpamonjy izay ho avy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 154.

**Atolotra hovakiana:** *The Desire of Ages*, pp. 752–760, 785–787.

## *Alahady* *26 Febroary*

### 1. FANEHOANA AN'I KRISTY

**a. Maneho an'iza i Isaka? Genesisy 22:7–9; Hebreo 11:17–19.**

"Isaka dia maneho ny Zanak'Andriamanitra, izay natolotra ho sorona noho ny fahotan'izao tontolo izao. Tian'Andriamanitra haseho tamin'ny alalan'i Abrahama ny vaovao mahafalin'ny famonjena ny olombelona. Mba hahatanteraka izany, sy hanehoana ny fahamarinana aminy ary mba hitsapana ny finoany, dia nobaikon'Andriamanitra izy mba hanolotra ny zanany malalany, Isaka. Ny alahelo sy ny fangirifiriana rehetra izay niaretan'i Abrahama nandritra izany fisedrana maizina sy mahatahotra izany dia nalahatra mba hahatakaran' ny olombelona lavo ny halalin' ny planin' ny famonjena azy ireo. Tsy hay lazaina ny haben' ny fandavan-tena tao amin' Andriamanitra tamin' ny nanolorany ny Zanany ho faty hanavotra ny olombelona avy ao amin' ny fahaverezana tanteraka."—*Testimonies*, vol. 3, p. 369.

**b. Ahoana no fomba nanehoan' Andriamanitra tamin' i Abrahama ny andron' i Kristy? Genesisy 22:13; Jaona 1:29; Isaia 53:7.**

"Naseho an' i Abrahama fa nanao ny fanatitra lehibe sy lafatra indrindra izay mbola tsy nisy toa izany Andriamanitra tamin' ny nanolorany ny Zanany Lahitokany mba hamonjena ny mpanota."—*The Desire of Ages*, p. 469.

## 2. ILAY SORONA FARANY

**a. Lazao ny fomba nanehoan' Andriamanitra tamin' i Abrahama ny lanjan' ilay sorona lehibe dia ny nanolorany ny Zanany lahy. Genesisy 22:11, 12, 16; 1 Jaona 4:9, 10.**

"Nanolotra ny Zanany malalany hiala aina teo amin' ny hazo fijaliana Ilay Raintsika izay any an-danitra. Anjely an'arivony no vavolombelon' ny fanalam-baraka sy ny tebiteby nahazo ny Zanak' Andriamanitra kanefa tsy navela niditra an-tsehatra toy ny tamin' i Isaka. Nangina ny feo rehetra. Ilay Zanak' Andriamanitra, Mpanavotra izao tontolo izao no nesoina sy natao fihomehezana, nalaim-baraka, ary nampijaliana, mandra-pitolefiky ny lohany ho amin' ny fahafatesana. Mbola misy porofom-pitiavana sy fangorahana lehibe noho izany ve azon' Ilay tsy manam-petra omena antsika?"—*That I May Know Him*, p. 20.

"Navela hiaritra tebiteby izy [Abrahama] nandritra ireo andro nanjombona izay feno fizahan-toetra mahatahotra mba hahatakarany ny fahalehibiazan' ny sorona nataon' Andriamanitra ho an' ny olombelona."—*Patriarchs and Prophets*, p. 154.

**b. Hazavao ny fomba nahalalan' i Jesosy fa ny Rainy dia nanolotra azy ho sorona ho an' izao tontolo izao. Genesisy 22:10; Matio 26:38, 39; Filipiana 2:8.**

"Nilaozan' i Jesosy ny toerany tany an-danitra ary tonga teto amin' ity tany rakotra haizina ity Izy mba hitady ny olombelona mahantra indrindra, mba hamonjeny ireo izay efa ho faty."—*The Bible Echo*, January 1, 1893.

**c. Inona no nampijaly indrindra an' i Jesosy nandritra ilay sorona farany? Salamo 69:18–21; Isaia 53:4, 10, 12.**

"Ny fahatahorana ny fisarahana amin' ny Rainy no nampijaly an' i Jesosy indrindra. . . . Noho ny fieritreretana fa nahafoy Azy ny Rainy, tamin' ny fotoana izay nilany Azy indrindra no nampihorohoro an' i Kristy. Sary maneho ny tebiteby izay ho tsapan' ny mpanota izany, rehefa tara loatra, ka fantany fa nandao azy ny fanahin' Andriamanitra"—*Mind, Character, and Personality*, vol. 2, pp. 464, 465.

## 3. NAFOY NOHO NY OTA

**a. Nahoana i Kristy no nafoy kanefa Isaka tsy mba natao toy izany? Genesisy 22:12; Matio 27:42, 43, 46; Jaona 3:17; 12:27; 2 Korintiana 5:21.**

"Ireo anjelin' ny lanitra dia nifakazatra tamin' Ilay Mpanapaka maminy. Ho tamim-pifaliana tokoa no ho nandaozan' izy ireo ny toerany mba hanampy Azy. Kanefa tsy izany no planin' Andriamanitra."—*The Upward Look*, p. 223.

"An-tsitrapo no nanoloran' Ilay Mpisolo antsika ny fanahiny ho faty, mba tsy ho very isika fa hanana fiainana mandrakizay."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 322.

**b. Midika inona ny nijanonan' ireo mpanompo tany aorina, nahoana no izy mianaka ihany no nanatona ny alitara? Genesisy 22:3–5, 8; Jaona 16:32.**

"Talanjona ireo anjely nahita ny tebiteby mahavery fanantenana teo amin' ny Mpamonjy. Ireo mponin' ny lanitra dia nanarona ny tavany tsy hahita zava-mahatahotra. Ny natiora dia niombom-po tamin' Ilay Mpahary azy. Ny masoandro dia tsy nety nanatrika izany seho mampihorohoro izany, nidify tampoka ny famirapiratany izay nanazava ny mitataovovonana. Hazin-kitroka, toy ny lamba mainty fisaonana no nanarona ny hazo fijaliana. . . .

"Tao anatin' izany haizina matevina izany dia takona ny fanatrehan' Andriamanitra. . . . Ny Ray dia nomba ny Zanany. Kanefa tsy naseho ny fanatrehany. Ho levona mantsy ny olombelona raha toa ka nitselatra teo amin' ny rahona ny voninahiny. Ary tao anatin' izany ora mahatahotra izany dia tsy tonga nampahery an' i Kristy ny Rainy."—*The Desire of Ages*, pp. 753, 754.

**c. Ahoana no ahalalantsika fa tsy very i Kristy na dia nafoy aza? Isaia 54:7, 8; Asa 2:22–24, 27; 1 Korintiana 15:55–57.**

"Nandry tao am-pasana Jesosy. Nidina tany amin' ny fasana maizina Izy, nanandrana ny fahafatesana ho an' ny olona rehetra. Kanefa tsy nitoetra ela tao amin' ny herin' ny fahavalo Izy. Nisy anjely mahery iray nidina avy tany an-danitra, nanakodia ny vato teo amin' ny fasana. . . Nivoaka avy tao am-pasana Kristy toy ny fanaon' izay avy nandresy ary nanafaka olona maro avy tao am-pasana Izy."—*The Signs of the Times*, November 25, 1889.

## 4. MPAMONJY NITSANGANA TAMIN' NY MATY

**a. Lazao ny finoan' i Abrahama ny herin' ny fitsanganana amin' ny maty. Genesisy 22:5; Hebreo 11:19.**

"Ilay zanaka [Isaka] dia fanomezana tsy nampoizina; koa moa va tsy azony atao ny haka aminy indray ilay fanomezana izay avy Aminy ihany? Izao no teny fikasana nanako avy amin' ny finoana, 'Avy amin' i Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao'dia taranaka maro toy ny fasika eny amoron-dranomasina (Genesisy 21:12). Isaka dia zanaky ny fahagagana. Ilay efa nanome azy aina, moa tsy mahay hamerina izany aminy indray va? Nijery ny ao ambadiky ny hita maso i Abrahama ka namikitra tamin' ny tenin' Andrimanitra, 'Fa nihevitra izy fa Andriamanitra dia mahay manangana ny maty aza' (Hebreo 11:19)."—*Patriarchs and Prophets*, p. 151.

**b. Midika inona ho an' ny taranak' olombelona ny fahafatesana sy ny fitsanganan' i Kristy? Hebreo 2:14, 15; 2 Timoty 1:10; Romana 6:5.**

"Satana dia tsy afaka mihazona ny maty eo an-tanany rehefa mibaiko azy ho velona ny Zanak' Andriamanitra. Tsy azony atao ny mihazona ao amin' ny fahafatesana ara-panahy ireo izay mandray am-pinoana ny hery avy amin' ny tenin' i Kristy. Andriamanitra dia milaza amin' ireo rehetra maty ao amin' ny ota manao hoe:'Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangàna amin'ny maty' (Efesiana 5:14). Izany teny izany dia fiainana mandrakizay."—*The Desire of Ages*, p. 320.

**c. Manao ahoana ny lanjan' ny fandresen' i Kristy ny fahafatesana ho an' ny mpino? 1 Korintiana 15:12–19; 1 Petera 1:3; Jaona 11:25, 26.**

"Ireo voavotra nivoaka avy tao am-pasana tamin' ny andro nitsanganan' i Jesosy no amboarany amin' ny maha Mpandresy Azy. Toy izany no nanamarihany ny fandreseny ny fahafatesana sy ny fasana; Izy dia nampanantena fitsanganana amin' ny maty ho an' ny olo-marina rehetra izay modimandry."—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 5, p. 1109.

"Izy irery no afaka manangana ireo olo-masiny avy ao am-pasana ary hampitafy azy ireo ny tsy fahafatesana, hanolotra azy ireo ny fandresena ny fahafatesana sy ny fasana mandrakizay, azony atao ankehitriny ny hiaro ny fanahin' ireo rehetra manolo-tena Aminy."—*Manuscript Releases*, vol. 21, p. 273.

# Alakamisy — 2 Martsa

## 5. NY FIFALIAN' NY FAMONJENA

**a. Inona no tsapan' i Abrahama rehefa naseho azy fa Jesosy no Mpamonjy amin' ny ota sy ny fahafatesana? Jaona 8:56; Nahoana isika Kristiana no tokony ho vahoaka feno fifalina indrindra eto an-tany? Filipiana 4:4; Acts 2:25–27; 1 Tesaloniana 5:16.**

"Amin' ny fotoana isehoan' ny toe-javatra mahakivy indrindra, izay mety hampikorontana ny fiainan' ireo Kristiana, dia izao no ambaran' ny Paoly amin-kery sy fanantenana:'Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo; hoy izaho indray:Mifalia' (Filipiana 4:4). Izany fanantenana sy fitoniana izany no hita teo aminy raha tao anaty sambo izy; efa namely azy ny tafiotra tamin' izay, ary efa ho vaky ny sambo. Nanome baiko ny kapiteny izy mba tsy hamono ireo voafonja. Na dia iray tamin' ireo voafonja aza izy, dia hita fa izy no tena mpitarika, olona afaka sy sambatra indrindra tao anaty sambo."—*My Life Today*, p. 334.

**b. Nahoana no mitana anjara toerana lehibe eo amin' ny finoantsika ny fihirana sy ny fiderana ny Tompo? Salamo 98:1–6; 95:1–8; Apokalipsy 15:2–4.**

"Tamin' ny alalan' ny hira no niraketana lesona sarobidy maro tao antsain' ny zanak' Isiraely raha nirenireny tany an'efitra izy ireo. . . .

"Tamin' ny alalan' izany no nanadratana ny eritreriny tsy hahita ny hasarotry ny lalana nodiaviny, tsy hahatsiaro harerahana; ny fihirana no nampitony ny fanahy nisafotofoto, nandrakitra tao amin' ny fitadidiany ireo fitsipi-pahamarinana, ary nanatanjaka ny finoany."—*Education*, p. 39.

"Raha ampitomboina ny fiderana an' Andriamanitra, dia hitombo hatrany ny fanantenana sy faherezana ary ny finoana."—*Prophets and Kings*, p. 202.

# Zoma — March 3

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Amin' ny fomba ahoana no itovizan' i Isaka sy i Kristy?**
2. **Ahoana no anehoan' ny fanandraman' i Abrahama ny halalin' ny sorona nataon' Andriamanitra?**
3. **Hazavao hoe nahoana i Kristy no tsy maintsy niaina tamin' ny fahatsapana ho nilaozana mihitsy**
4. **Midika inona ho an' i Kristiana ny fitsanganana amin' ny maty?**
5. **Inona no fitsaboana tsara indrindra ho an' ny fikorontanan-tsaina?**

# Ny faharetan' i Abrahama

**"Miandrasa an'i JEHOVAH ianao; matokia, ary aoka hahery ny fonao; eny, miandrasa an'i JEHOVAH." (Salamo 27:14).**

"Rehefa ao anaty tebiteby isika, na dia mbola tsy mamboraka ny alahelontsika eo anatrehany [Jehovah] aza, dia efa manomana fanafahana ho antsika Izy."—*Our High Calling*, p. 316.

**Atolotra hovakina:** *Ny Tena Hasambarana*, tt. 109–119; *Our High Calling*, tt. 315–319.

## *Alahady* — *5 Martsa*

### 1. IREO FANIRIAN' NY FO

**a. Inona no fanirian' ny fon' ny Abrahama? Genesisy 15:1–3. Inona no teny fikasana omen' Andriamanitra izay mino Azy? Salamo 37:4, 5; Matio 21:21, 22.**

"Ny teny fikasana tsirairay ao amin' ny Tenin' Andriamanitra dia ho antsika. Rehefa mivavaka hianao, dia tonony ny teny fikasan' Andriamanitra ary takio am-pinoana izany. Manome antoka Izy ao amin' ny teniny fa raha mangataka amim-pinoana hianao, dia hahazo ireo fitahian' ny fanahy rehetra. Tohizo ny fangatahana, ary dia handray mihoatra lavitra noho izay nangatahinao na noheverinao hianao. Tezao ny tenanao mba hanana fahatokiana tsy voafetra amin' Andriamanitra. Apetraho eo Aminy ny fanahianao rehetra. Miandrasa Azy am-paharetana, dia hanome mihoatra ho anao Izy."—*In Heavenly Places*, p. 71.

**b. Inona no zavatra tsy maintsy ampiarahintsika amin' ny fangatahantsika rehefa mivavaka amin' Andriamanitra ny amin' ny fanirian' ny fontsika isika? Jakoba 4:13–15; Matio 26:39.**

"Ny tokony hatao dia ny mametraka ny faniriantsika rehetra eo amin' Ilay Raintsika feno fahendrena izay any an-danitra, rehefa izany, amin' ny fahatokiana tanteraka, dia ankino Aminy ny zava-drehetra. Fantatsika fa Andriamanitra dia mihaino antsika raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika. Tsy mety anefa raha manitrikitrika ny fitakiana isika kanefa ny fanahintsika tsy milefitra; tsy maintsy misy endriny ny vavaka ataontsika, tsy miendrika baiko, fa kosa fiangaviana."—*The Ministry of Healing*, p. 230.

## 2. MIANDRY ELA KOKOA NOHO IZAY NOHEVERINA

**a. Nanao ahoana no namalian' Andriamanitra ny vavak' i Abrama raha vao nifarana izany? Genesisy 15:3, 4.**

“Satria tsy nanan-janaka i Abrama, dia nihevitra izy tamin' ny voalohany fa ilay mpanompony mahatoky, Elizera, no hatsangany ho zanany, sy ho mpandova azy. Kanefa Andriamanitra dia nilaza taminy fa tsy ny mpanompony no handova azy, fa tsy maintsy hanan-janaka aloaky ny kibony izy.”—*Spiritual Gifts*, vol. 3, pp. 100, 101.

**b. Avy hatrany dia nampanantena zanaka lahy an' i Abrahama Andriamanitra, nahoana anefa no tsy nomeny mialohany fotoana hahaterahany? Asa 1:6, 7; Ohabolana 16:9; Salamo 34:8.**

“Andriamanitra dia nikasa ny hisedra ny fahatokiana sy ny finoan' i Abrama manoloana ny teny fikasana nataony taminy.”—Ibid., p. 101.

“Tsy tokony hanantena masoandro mibaliaka mandrakariva isika eto amin' ity tany ity. Ireo rahona sy varatra dia hitatao amintsika, ary tsy maintsy miomana isika mba hibanjina any amin' izay misy fahazavana farany. Mety ho takona ireo taratra avy amin' ny masoandro. . . kanefa dia mbola mamiratra ao ambadiky ny rahona ireo. Anjarantsika ny miandry, miambina, mivavaka, ary mino. Aoka homen-danja ilay fahazavan' ny masoandro izay mamiratra kokoa rehefa misinda ny rahona. Hahita ny famonjen' Andriamanitra isika raha mitoky Aminy ao anatin' ny haizina toy ny amin' ny mazava.”—*Our High Calling*, p. 318.

**c. Inona no atahorana hitranga raha toa tsy mivaly araka izay nandrasantsika ny vavaka? 1 Korintiana 10:9, 10; Hebreo 3:12–14. Hitarika ho amin' inona izany? Genesisy 16:1–6.**

“Raha toa tsy mivaly ny fivavahantsika dia tokony hifikitra amin' ny teny fikasana hatrany isika, satria tsy maintsy ho tonga ny fotoana hamaliana azy ary handray ny fitahiana izay tena ilaina indrindra isika. Fahasahiana tafahoatra ny mihevitra fa hovaliana mandrakariva araka ny fotoana sy ny tarehy aniriantsika azy ny fivavahana. Feno fahendrena tokoa Andriamanitra, ka tsy mety diso; ary feno hatsarana tokoa ka tsy mamihina ny tsara indrindra ho an' izay mandeha mahitsy. Koa aza matahotra ny hiankina Aminy, na dia tsy hitanao eo no ho eo aza ny valin' ny fivavahanao. Miantehera amin' ny fanomezan-toky azo antoka hoe:‘Mangataha dia homena hianareo’ (Matio 7:7).”—*Steps to Christ*, p. 96.

## 3. ILAY MPAMALY SOA NY FINOANA

**a. Inona ireo zavatra roa izay tian' Andriamanitra hinoantsika? Hebreo 11:6. Inona no fanehoana voalohany nataon' i Abrahama? Genesisy 15:4–6.**

"Tsy hoe mangataka isika mba ho fisedrana ny Tompo amin' ny fahatokiany amin' ny Teniny; satria Izy dia mahatoky rahateo, tsy hisedrana ny fitiavany antsika, satria efa tia antsika Izy."—*The Desire of Ages*, p. 126.

**b. Rehefa nolavin' Andriamanitra i Isimaela, nanao ahoana ny fiantraikan' ny fomba fiasan' Andriamanitra tamin' ny finoan' i Abrahama sy Saraha. Genesisy 17:15–18; 18:9–12.**

"Rehefa nanakaiky ny faha-zato taonany i Abrahama, dia naverina taminy indray ny teny fikasana hanana zanakalahy, ary koa ny toky fa ny zanak' i Saraha no handova azy. Kanefa Abrahama dia tsy mbola nahatakatra izay hevitr' izany. Ny sainy izay efa nifantoka tany amin' i Isimaela, dia nifikitra tamin' ny finoana fa amin' ny alalany no hanatanterahan' Andriamanitra ny tanjona."—*Patriarchs and Prophets*, p. 146.

**c. Inona no tsy maintsy miaraka amin' ny valim-bavaka? Genesisy 18:14, 21:1, 2. Inona no tokony hotadidiantsika mandrakariva mahakasika ny fandaharam-potoanan' Andriamanitra mitaha amin' ny antsika ? Habakoka 2:3.**

"Ny vavaka marina rehetra dia misy valiny sahaza azy. Tsy ho tonga araka ny anirianao azy izany, na amin' ny fotoana ilanao azy; kanefa ho tonga amin' ny fomba sy fotoana mety indrindra izany. Ireo vavaka izay asandratrao samirery, na amin' ny andron' ny fahakiviana sy ady, dia hovalin' Andriamanitra, tsy hifanaraka amin' ny eritreritrao hatrany anefa izany kanefa dia hahasoa anao."—*Gospel Workers*, p. 258.

"Tsy mamaly avy hatrany ny vavaka vao asandratsika Izy matetika; kanefa tsy maintsy hataony izany, mety hihevitra mantsy isika fa zontsika ny handray ireo fitahiana sy tombotsoa izay atolony ho antsika. Tsy tokony handany fotoana isika hanisa ny ratsy vitantsika, fa kosa hiankina tanteraka Aminy, ary hiaiky fa mila ny fanampiany isika."—*The Review and Herald*, March 27, 1913.

## 4. MILA FAHARETANA

**a. Nahoana no tsy tonga eo no ho eo ny valim-bavaka? Jakoba 1:2–4; Romana 8:24, 25.**

“Isika rehetra dia maniry valim-bavaka mivantana sy eo no ho eo, ary alaim-panahy isika ho kivy rehefa maharitra ela na tsy araka ny niheverana azy izany. Andriamanitra anefa dia hendry sy tsara tokoa ka tsy mamaly ny vavaka amin’ ny fotoana sy ny fomba itiavantsika azy. Hanao mihoatra sy tsara kokoa ho antsika Izy. Ary satria isika afaka matoky ny fahendreny sy ny fitiavany, dia tsy tokony hangataka Azy hilefitra amin’ ny sitrapontsika isika, fa kosa hikatsaka izay hahatanteraka ny tanjony. Ireo faniriantsika dia tokony hampileferina ao ambanin’ ny sitrapony. Ireo fanandramana izay isedrana ny finoantsika dia mahasoa antsika. Amin’ ny alalan’ ireo no ahafantarana raha manana finoana marina sy miorina amin’ ny Tenin’ Andriamanitra isika, na mitoky amin’ ireo toe-javatra mitranga, mahatonga ny finoana tsy miorina sy mety miova. Ny finoana dia atanjahina amin’ ny alalan’ ny fanazarana.”—*The Ministry of Healing*, pp. 230, 231.

**b. Inona no toky azontsika tanana avy amin’ ny teny fikasan’ Andriamanitra, na dia tsy tanteraka amin’ ny fotoana anantenantsika azy izany? Hebreo 6:13–18; Isaia 55:8–11; Salamo 27:14.**

“Miasà amim-pinoana, ary mahità vokatra miaraka amin’ Andriamanitra. Mivavaha amim-pinoana, dia hitondra valiny ho anao avy ao amin’ ny zavamiafin’ ny fahendreny Izy. Toa tsy fahombiazana no hita avy hatrany. Kanefa miasà sy minoa, manàna fanantenana sy faherezana. Rehefa vitanao izay azonao natao, dia andraso Jehovah, fa haneho aminao ny fahatokiany Izy, ary hanatanteraka ny Teniny. Miandrasa, tsy amin-tebiteby, fa amim-pinoana tsy mety kivy sy tsy azo hozongozonina.”—*Testimonies*, vol. 7, p. 245.

“Miandrasa an’ i Jehovah, eny, Miandrasa an’ i Jehovah. Mety tsy handray valiny isika raha mangataka amin’ ny olombelona. Fa raha mangataka amin’ Andriamanitra isika dia izao no teniny, hahazo ianareo. Hatramin’ izao dia fantatrao hoe iza no hobanjinina, iza no hitokiana. Aza mitoky amin’ ny olombelona na manao ny nofo ho sandriny. Miankina mafy araka izay azo atao amin’ Ilay Mahery izay milaza hoe:‘dia aoka hifikitra amin’ny heriko kosa izy ka hihavana amiko; eny, aoka hihavana amiko izy’ (Isaia 27:5). Miandrasa, miambena, mivavaha, ary miasà, atodiho any amin’ Ilay Masoandron’ ny fahamarinana mandrakariva ny tavanao.”—*Reflecting Christ*, p. 119.

# *Alakamisy* *9 Martsa*

## 5. NY FAHARETAN' NY OLONA MASINA

**a. Inona no toetra amaritana ireo vahoakan' Andrimanitra sisa? Apokalipsy 14:12. Nahoana no tsy voalaza eto ny fitiavana, izay zana-tohatra fara-tampony eo amin' ny maha-Kristiana? 2 Petera 1:5–7; Jakoba 5:7, 8.**

---

---

"Ny tanjona tsy miova, ny ezaka tsy mety sasatra, izany no hahazoana ny fandresena amin' ny farany. Izay maharitra hatramin' ny farany no ho vonjena. Ireo izay mandroso am-paharetana amin' ny fanaovana ny tsara no hahazo ny fiainana mandrakizay sy ny valisoan' ny tsy fahafatesana. . . . Izay rehetra mandray anjara amin' ity ady amin' i Satana ity dia manana asa mafy manoloana azy ireo. Tsy ho tahaka ny savoka izay mora atsonika izy ireo, ka ho azon' ny afo ho volavolaina hahazo endrika samihafa. Tsy maintsy miaritra ny mafy toy ny miaramila izy ireo, mijoro eo amin' ny toerany, ary ho marina lalandava."—*Testimonies*, vol. 2, pp. 101, 102.

**b. Ahoana no ampiasan' Andriamanitra ireo fisedrana ankehitriny ho fanomanana antsika amin' ny fiverenan' ny Tompo? Hebreo 10:35–39; Matio 25:5; 24:13, 42–44.**

---

---

"Misy fahaverezan-kevitra sy ady mahatahotra eo amin' ny fiainana ara-panahin' ireo olona ho tonga mpandresy amin' ny farany; kanefa ny fahafantarany ny Soratra Masina dia hanampy azy hampitoetra ao an-tsainy ireo teny fikasana mampahery avy amin' Andriamanitra. Hampahery ny fony izany ary hanatanjaka ny finoany ao amin' Ilay Mahery. . . . Ny fisedrana ny finoana dia sarobidy lavitra noho ny volamena. Ny rehetra dia tokony hahalala fa izany dia anisan' ny taranja ao amin' ny sekolin' i Kristy, tena ilaina amin' ny fanadiovana azy ireo ho afaka amin' ny tain-drendrik' izao tany izao."—*God's Amazing Grace*, p. 81.

# *Zoma* *10 Martsa*

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Homen' Andriamanitra antsika ve izay rehetra sitraky ny fontsika?**
2. **Ahoana ny fihetsika tokony hasehontsika rehefa tsy mivaly araka ny eritreritsika ny vavaka?**
3. **Nahoana no tonga fihaikana lehibe indrindra ho an' ny finoantsika ny 'fotoana'?**
4. **Amin' izao andron' ny teknolojia izao, inona no toe-tsaina tokony hovolentsika?**
5. **Nahoana no resy ireo tsy mampitombo ny fahatokiany amim-paharetana ny tenin' Andriamanitra?**

# Mifona ho an' ny mpanota

**"Aoka ho fantany fa izay mampibebaka ny mpanota hiala amin'ny lalan'ny fahadisoany dia hamonjy fanahy tsy ho faty sady hanarona heloka be" (Jakoba 5:20).**

"Ny fahamatorana, ny fanoloran-tenan' ny lehilahy sy vehivavy dia ilaina, olona hiara-mandeha amin' Andriamanitra hanao antso mafy omban-dranomaso mba hitalaho ho an' ireo fanahy izay eo ambavahaonan' ny faharavana."—*Gospel Workers*, p. 26.

**Atolotra hovakina:** *Patriarka sy Mpaminany*, pp. 149–163.

## *Alahady* — *12 Martsa*

### 1. SODOMA SY GOMORA

**a. Inona no famaizana nihatra tamin' ny tanànan' ny Sodoma sy Gomora? Genesisy 19:24, 25; Lioka 17:29.**

"Nandrotsaka afo sy solifara toy ny orana mivatravatra Andriamanitra ho amin' ireo tanàna sy lemaka mahavokatra. Ny lapa sy ny trano fivavahana, ireo fonenan-tsoa sarobidy, ny tanimboaloboka sy ny zaridaina, mbamin' ireo mponina ratsy filàna izay vao avy niteny ratsy ny irak' Andriamanitra omalin' iny, dia samy levon' ny lelafo avokoa."—*Patriarchs and Prophets*, p. 162.

**b. Ohatra ho an' iza ihany koa Sodoma sy Gomora? 2 Petera 2:6; Joda 7.**

"Ny afo izay nandevona an' ny Sodoma sy Gomora dia mbola hitantsika taratra ambarak' ankehitriny. Mampianatra antsika ny lesona goavana sy mahatahotra fa na dia mahari-po ela amin' ny mpanota aza Andriamanitra, dia misy mihitsy ny fetra izay tsy azo ihoarana. Raha ihoarana izany fetra izany, dia hiala ny famindram-po, fa hipaika kosa ny ora famaliana. . . .

"Izay nanjo an' i Sodoma dia fampitandremana miezinezina, tsy ho an' izay mahavita fahotana mahavoafady ihany tsy akory, fa ho an' izay rehetra manao tsinontsinona ireo tombotsoa sy fahazavana nalefan' ny lanitra."—Ibid., pp. 162, 165.

## 2. NY FITALAHOAN' I ABRAHAMA

**a. Taiza no nonina i Lota, zana-drahalahin' i Abrahama? Genesisy 13:10–13; 19:1.**

"Sodoma no kanto indrindra tamin' ireo tanàna teo amin' ny lohasahan' i Jordana. Niorina teo amin' ny tany lemaka nahavokatra sy tsara tarehy izay mampahatsiahy ny sahan' i Jehovah izy. Zava-maintso mahafinaritra fahita any amin' ny tany mafana no nandrakotra ny taniny."—*Patriarchs and Prophets*, p. 156.

**b. Araka izay nambaran' Jehovah tamin' i Abrahama dia handeha handrava an' i Sodoma sy Gomora Izy, ahoana no nitalahoan' i Abrahama ankolaka ho an' ny ankohonan' i Lota? Genesisy 18:22–32.**

"Ary ilay lehilahin' ny finoana dia nifona ho an' ny mponin' i Sodoma. Efa namonjy izany tanàna izany izy [Abrahama] indray mandeha tamin' ny alalan' ny sabatra, izao dia maniry izy ny hamonjy azy amin' ny alalan' ny vavaka. . . .

"Feno fanetren-tena sy fanajana ny fitalahoana nataon' i Abrahama. . . .Tsy nisy fieboeboana na fanamarinan-tena teo amin'izany teniny izany. Tsy nataony ho antony nitakiana valim-bavaka ny fankatovany, na ireo fahafoizan-tena samihafa izay niaretany noho ny fanompoana an' Andriamanitra. Mpanota izy, kanefa mifona ho an' ny mpanota koa. Izany no toe-panahy tokony hananan' ireo izay manatona an' Andriamanitra. Kanefa Abrahama dia naneho fahatokiana toy ny an' ny zaza mitalaho amin-drainy be fitiavana. Nanatona Ilay Iraky ny lanitra izy, ary tamin-kafanampo no nentiny nanao ny fangatahany. . . . Nihevitra i Abrahama fa tao amin' io tanàna lehibe io, dia nisy koa olona hafa mpanompon' Andriamanitra. . . . Tsy indray mandeha ihany no nangatahan' i Abrahama, fa imbetsaka tokoa. Arakaraka ny nanekena ny faniriny, no nahatonga azy hihasahy tamin' ny fifonany, mandra-pahazoany antoka fa raha misy olo-marina folo ao, dia tsy haringana ny tanàna.

"Noho ny fitiavany ireo fanahy very no nanosika an' i Abrahama tamin' ny fivavahany. Na dia nankahala ny fahotana vitan' ity tanàna ity aza izy, dia naniry ny mba hamonjena ny mpanota. Ohatra natao halaintsika tahaka ny fitiavana lalina nananany ho an' ireo olona tsy mibebaka. Tokony hanana fankahalana ny ota isika, kanefa fangorahana sy fitiavana ho an' ny mpanota. Voahodidin' ny olona izay mizotra ho amin' ny fandringanana, toy ireo olona tany Sodoma isika. Isan' andro, dia mikatona eo amin' ny fiainan' ny sasany ny varavaram-pahasoavana. Isan' ora dia misy olona mihoatra ny fefin' ny famindram-po. Koa aiza izay mba feo hananatra azy ireny handositra ny loza manandindona azy? Aiza izay tànana hitsotra hanavotra azy tsy ho tratran' ny fahafatesana? Aiza ireo mpitalaho amin'ny fanetren-tena mafana sy finoana maharitra, hifona amin' Andriamanitra ho azy?"—Ibid., pp. 139, 140.

## 3. VAVAKA NIVALY

**a. Hazavao ny fomba namalian' Andriamanitra ny vavak' i Abrahama hanafahana an' i Lota. Genesisy 19:1–3, 12–16, 27–29.**

"Sanganehana sy nanjonitra ary very hevitra i Lota ka nitaredretra. Ary raha tsy ireo anjelin' Andriamanitra, dia efa ho faty tao Sodoma izy ireo. Notantanan' ireo iraky ny lanitra izy sy ny vadiny ary ny zanany roa vavy ka nontarihiny hiala tao an-tanàna."—*Patriarchs and Prophets*, p. 160.

**b. Inona no taharoina intsika isan' andro hafangaro amin' ny vavaka ataontsika mba hampanan-kery azy? Hebreo 11:6; Matio 17:14–20; Matio 9:29.**

"Mivavaha am-pinoana. Ataovy azo antoka fa mifandrindra amin' ny fangatahanao ny fiainanao, amin' izay dia handray ireo fitahiana izay antom-bavakao ianao. 'Tongava aminareo araka izay finoanareo.' 'Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo' (Matio 9:29; 21:22). Mivavaha, minoa, mifalia. Mihirà fiderana ho an' Andriamanitra satria efa namaly ny vavakao Izy. Hazony amin' ny teniny Izy. 'fa mahatoky Ilay efa nanao ny teny fikasana' (Hebreo 10:23). Tsy misy ho very maina ny fitalahoana marina izay atao."—*Testimonies*, vol. 7, p. 274.

"Tsy maintsy mifikitra mafy amin' ireo teny fikasan' Andriamanitra isika satria tsy miova izany. Tsy maintsy manana finoana tsy azo toherina isika, finoana izay mihazona izay tsy hitan' ny maso, mijoro tsy azo hozongozonina. Ny finoana toy izany no hampirotsaka ny fitahian' ny lanitra ho amin' ny fanahintsika."—*My Life Today*, p. 8.

**c. Inona no toky fa hanafaka ny marina Andriamanitra? 1 Petera 3:12; Salamo 145:18, 19; 55:22.**

"Ao anatin' ny ora manjombona indrindra, mandritra ireo toe-javatra sarotra indrindra, ny Kristiana mpino dia afaka mampitoetra ny fanahiny eo amin' Ilay loharanom-pahazavana sy hery. Isan' andro isan' andro, dia havaozina ny fanantenany sy ny tanjany amin' ny alalan' ny finoana an' Andriamanitra. . . . Ny Tompo dia hanatanteraka ireo fanantenan' ireo izay mametraka ny tokiny eo Aminy. Hanome fahendrena ho azy ireo Izy arakaraka ny zavatra angatahiny."—Ibid., p. 55.

## 4. MITALAHO HO AN' IREO FANAHY

**a. Hanao ahoana ny toerana misy an' izao tontolo izao mialoha kelin' ny fiverenan' i Jesosy? Lioka 17:28–30; 2 Timoty 3:1–6.**

"Naseho ahy ny toetran' izao tontolo izao izay mihazakazaka mameno ny kapoaky ny faharatsiana. Herisetra sy heloka amin' ny endriny maro samihafa no mameno ny tontolontsika, ary Satana dia mampiasa ny fomba rehetra mba hahatonga heloka sy hametraka fahavetavetana eo anivon' ny olona. Ny tanora izay mandeha eny an-dalambe dia voahodidin' ny peta-drindrina isan-karazany. Mahita asa ratsy sy fahotana izay aseho amin' ny alalan' ny tantara anaty boky na lalaovina eny an-tsehatra izy ireo. Ny sainy dia voataiza hifankazatra amin' ny fahotana. Mandritra ny tontolo andro dia araviravy eo anoloan' izy ireo ny faharatsiana, zavatra maro izay manaitra ny fahalianana, mampifoha ny filàna ambany no aroso eo anoloany amin' ny alalan' ireo tantara mampitaintaina sy toa mahafinaritra.

"Ireo asa soratra izay voizin' ireo manam-pahaizana dia manapoizina saina an' arivony eto amin' izao tontolo izao. Tsy zava-mahamenatra intsony ny fahotana. Mandre sy mamaky heloka bevava sy faharatsiana maro tokoa ny olona ka dia manalefaka ny feon' ny fieritreretany ireny. Miteraka fihemorana izany ka manjary maivana ny fandraisana ireo zavatra tokony hampihoron-koditra, tonga manintona ny olona ireo teny ratsy sy filàna ambany."—*Testimonies*, vol. 3, pp. 471, 472.

"Tsy hita isa ireo miezaka manadino an' Andriamanitra, ary mandray mora foana ireo angano, mba hahafahan' izy ireo mizotra tsy misy manelingelina amin' ny lalan' ny fanaranam-po."—*The SDA Bible Commentary [E. G. White Comments]*, vol. 5, p. 1122.

**b. Hazavao ny fihetsika tokony hananantsika raha te hitovy amin' i Abrahama isika. Ezekiela 9:4; James 5:16–20.**

"Tsy tokony hanameloka ny hafa isika; tsy asantsika izany; tokony hifankatia sy hifampivavaka isika. Raha mahita ny anakiray mirona miala amin' ny fahamarinana isika dia hitomany azy isika tahaka an' i Jesosy raha nitomany an' i Jerosalema Izy."—*Testimonies*, vol. 5, pp. 345, 346.

"Raha mihemotra ny rahalahinao, dia fotoana tokony hanehoanao aminy izany fa mihevitra azy tokoa ianao. Manantona azy am-pitiavana, mivavaha miaraka aminy ary mivavaha ho azy, tsarovy ny avotra sarobidy izay nefain' i Kristy ho famonjena azy. Raha manao izany isika dia hamonjy fanahy tsy ho faty ary hanarona heloka be."—Ibid., pp. 58, 59.

"Ny antokon' olona izay tsy mahatsapa alahelo noho ny tsy fahamendrehany, sady tsy miraika amin' ny fahotan' ny hafa dia tsy handray ny tombokasen' Andriamanitra."—Ibid., p. 211.

# *Alakamisy* 16 Martsa

## 5. ILAY FITSARANA MIANDRY

**a. Amin' ny alalan' ny inona no ahazoantsika manafaka fanahy iray? Apokalipsy 14:7, 10, 11; 15:1.**

"Ny ratsy fanahy dia mba manaiky ny fivavahana misy fiadanana, ary tsy manohitra ny fivavahana malaza izay tsy misy zioga ho entina. Tian' ny fon' olombelona ny fivavahana tsy miteraka tahotra, satriny ny hohamaivanina ka tsy hihevitra ny fitsarana izay efa ho avy. Mampifoha ny fanoherana ny fanehoana marina ny Fanahy sy ny herin' Andriamanitra, ary mitarika ny fo tsy voaova hikomy. Ny fahamarinana izay miteraka famonjena ho an' ny fanahy dia tsy hoe avy amin' Andriamanitra ihany, fa tsy maintsy zaraina amin' ny hafa omban' ny Fanahiny koa, raha tsy izany dia tsy hanan-kery hanoherana ny ratsy izany."—*Gospel Workers* (1892), p. 66.

**b. Tahaka ny fanandramana niainan' i Lota, nahoana no ho maro ireo izay zara fa afa-mandositra ny fitsarana ho avy? Genesisy 19:17; Lioka 17:28–32; 1 Petera 4:17, 18.**

"Hirotsaka tsy ho ela eto an-tany ny fitsaran' Andriamanitra. 'Mandosira hamonjy ny ainao', izany no fampitandremana avy amin' ireo anjelin' Andriamanitra (Genesisy 19:17). Misy feo hafa koa re manao hoe:'Aoka ho tony, tsy misy antony tokony hanaitra anao.' Ireo izay miadana ao Ziona dia hanandra-peo 'Fiadanana sy mandry fahizay,' kanefa ny lanitra dia manambara fa fandravana haingana no efa ho tonga amin' ny mpanota. . . . Ary izany dia tahaka ny fandringanana fahiny raha nolevonin' ny afo Sodoma sy Gomora."—*Testimonies*, vol. 5, p. 233.

# *Zoma* 17 Martsa

## FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Inona no fampitandremana raisintsika avy amin' ny tantaran' i Sodoma?**
2. **Inona no entana tsy maintsy entin' ny Kristiana tsirairay?**
3. **Nahoana no mahavonjy fanahy iray ny vavaka atao am-pinoana?**
4. **Inona no fitondran-tena ilaintsika indrindra ankehitriny?**
5. **Hazavao ny maha-maika ny fanambarana ny fampitandremana farany.**

# Ny Lovan' i Abrahama

**"Fa nanantena hahazo ny tanàna misy fanorenana izy [Abrahama], Andriamanitra no Tompomarika sy Mpanao izany." (Hebreo 11:10).**

"Vahiny sy mpivahiny ihany isika eto amin'ity izao tontolo izao ity. Mikatsaka ilay tanàna izay nokendren'i Abrahama isika, toerana izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpamboatra azy."—*In Heavenly Places*, p. 112.

**Atolotra hovakina:** *Testimonies*, vol. 1, pp. 346–353;
*The Faith I Live By*, p. 304.

## *Alahady* 19 Martsa

### 1. FAMPANANTENANA LOVA

**a. Inona no lova izay nampanantenain' Andriamanitra an' i Abrahama sy ny taranany? Genesisy 17:7, 8; 1 Tantara 16:15–18; Romana 4:13.**

"Tsy ny tany Kanana ihany no fanomezana ho an' i Abrahama sy ny taranany, fa ny tany manontolo. . . . Ary ny Baiboly dia mampianatra mazava fa ny fampanantenana nomena an' i Abrahama dia notanterahina tamin'ny fahafenoany tamin'ny alalan' i Kristy."—*Patriarchs and Prophets*, p. 170.

**b. Tandidon' ny inona ilay fampanantenana momba ny Kananan'ny tany? Hebreo 11:8–10, 13–16; Apokalipsy 21:1–3.**

"Reny [Abrahama] ny Feon' i Jehovah, nanazava fa tsy hahazo avy hatrany ny tany nampanantenaina izy; nasehony azy koa fa ny taranany dia tsy maintsy hiaritra fijaliana maro mialoha ny handovany ny tany nampanantenaina. Novelarina teo anoloany ny planin' ny famonjena, amin' ny alalan' ny fahafatesan' i Kristy, Ilay sorona lehibe, naseho azy ihany koa ny Fiverenany amim-boninahitra. Tazan' i Abrahama ihany koa ny famerenana indray ny tany ho amin' ny hatsarany tao Edena, izay hatolotra ho lovany mandrakizay mba ho fanatanterahana amin' ny fahafenoany ny teny fikasan'Andriamanitra."—Ibid., p. 137.

## 2. IREO MPANDOVA NY FANJAKANA

**a. Izanohanympandovamarinanyfanjakan'Andriamanitra?Matio21:33–39; Galatiana 3:16; Hebreo 1:1, 2.**

"Kristy no mpandova voatendrin' Andriamanitra, Ilay nahariana izao tontolo izao." Izy no ilay 'famirapiratan'ny voninahiny sy endriky ny tenany indrindra.' Ary mihazona 'ny zavatra rehetra amin'ny herin'ny teniny' (Hebreo 1:2, 3). Nanana ny fahatsaran' Andriamanitra feno Izy. Nahafaly ny Ray Izy satria tao Aminy no nitoeran' ny fomban' Andriamanitra. Kanefa 'tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra' (Filipiana 2:6). Natakalon' i Jesosy ny olombelona very ao amin' ny ota sy ny fahantrana ny seza fiandrianan' ny fahazavana sy ny voninahitra izay niarahany tamin' ny Rainy, nataony ho tsinontsinona ny fitoviany tamin' Andriamanitra. Nidina avy tany an-danitra Izy, notafiana ny maha-olombelona ny maha-Andriamanitra Azy, ary nozakainy ny ozona mba ho antoka ho an' ny taranaka lavo. Tsy voatery nanao izany Izy; kanefa nifidy ny hizaka ireo vokatry ny fandikan-dalàna mba hanafaka ny olombelona amin'ny fahafatesana mandrakizay."—*The Signs of the Times*, February 20, 1893.

**b. Ahoana no hahatonga antsika ho mpiara-mandova amin' i Kristy? Romana 4:13–17; Galatiana 3:26–29.**

"Ireo izay nanome lanja ny fahasoavan' i Kristy, izay nahatonga azy ireo ho mpandova an' Andriamanitra sy mpiray lova amin' i Kristy; Ireo ihany no hitsangana avy ao am-pasana ary ny endriky ny Mpanavotra azy dia ho hita eo aminy."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 259.

"Miankina amin' ny sitrapontsika handà tena, ny fahatanterahan' ny teny fikasana dia ny hahatonga antsika ho mpiray lova amin' ny Kristy."—*The Upward Look*, p. 235.

**c. Rehefa maneho ny finoana an' i Jesosy Kristy ho Ilay fahatanterahan' ireo teny fikasan' Andriamanitra isika, dia inona no anarana iantsoana antsika? Romana 8:14–17; Galatiana 4:4–7.**

"Ireo harenan' ny mandrakizay dia ao amin' i Jesosy Kristy, azony atolotra ho an' izay tiany izany; kanefa dia mampalahelo fa maro ireo tsy mahatazana izany fahasoavana sarobidy izany, izay azo raisina amin' ny alalan' ny finoana Azy. Hizara ireo harenan' ny lanitra amin' ireo izay mino Azy, mibanjina Azy, ary mitoetra ao Aminy Izy."—*Selected Messages*, bk. 1, p. 138.

## 3. FANJAKANA MANDRAKIZAY

**a. Amin' ny maha zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra amin' ny finoana antsika, dia fanjakana manao ahoana no ampanantenaina? Daniela 2:44; 7:27; 2 Petera 1:11.**

"Ny tanjon' ny Tompo ho an'ny vahoakany dia tsy miova. Maniry ny hanolotra ireo harenan' ny lova mandrakizay ho an' ny zanak' olombelona Izy. Ny fanjakany dia fanjakana mandrakizay. Ho tratra amin' ny fahafenoany ny tanjon' Andriamanitra ho an' ny taranak' olombelona rehefa tafita ao amin' ny fanjakan' ny voninahitra ireo izay nifidy ny ho tonga mpankato ny Avo Indrindra."—*The Review and Herald*, December 26, 1907.

**b. Mandra-pahoviana no hifaly ao amin' ilay fanjakana mandrakizay ireo mpino? Titosy 3:7; 1 Jaona 5:11–13.**

"Izao fiainana izao dia sekoly fanofanana, toerana hanovàna antsika, hanadiovana, ary ifaneraserana amin' ireo olona masina izay ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Ireo olona ireo no hiara-miasa amintsika mandritra ny mandrakizay."—*The Bible Echo*, July 29, 1895.

**c. Iza no tian' Andriamanitra handova ny teny fikasana? 2 Petera 3:9; Ezekiela 18:32; Jaona 3:16.**

"Tsy sitrapon' ny Tompo ny hahavery ny fanahy iray. Tsy voaisa ny famindram-pony, ary tsy handao ireo izay nanolorany ny ainy Izy mba ho lalaovin' i Satana amin'ny fakam-panahy. Ny lanitra manontolo no natolotra ho an' ireo izay mino an' i Jesosy Kristy ho Mpamonjy ny tenany manokana."—*The Upward Look*, p. 150.

"Ilay Fahazavan' izao tontolo izao dia miposaka amintsika mba handraisantsika ireo taratra avy amin' Andriamanitra ka hanapariaka izany fahazavana izany ho amin' ny hafa amin' ny alalan' ireo asa tsara. Amin' izany dia fanahy maro no ho voataona hidera ny Raintsika izay any an-danitra. Mahari-po Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin' ny fibebahana izy rehetra. Tena mandratra ny fon' i Jesosy ny mahita ireo maro be izay mandà ny famindram-po sy ny fitiavana tsy manan-tsahala atolony."—*Manuscript Releases*, vol. 2, pp. 237, 238.

## 4. MIHAZONA NY FAHATOKIANTSIKA

**a. Inona no zavatra tsy maintsy hazonintsika? Hebreo 3:14; 10:23, 35, 36; Apokalipsy 3:11.**

"Ireo fanapahan-kevitra izay raisina dia mety hamaritra ny ho avinao mandrakizay. . . . Kanefa tsarovy, fa ny fotoana kely izay nileferanao tamin' ny fakam-panahy dia mety hitaky asa fanarenana mandritra ny androm-piananao.

"Ireo izay hahazo ny lanitra dia olona hampiasa ny ezaka mafy indrindra ombam-paharetana, mba hijinja ny vokatry ny asa mafy nataony. Hisy tanana hanokatra ny vavahadin' ny Paradisa eo anoloan' ireo nijoro tao anatin' ny fitsapana, nihazona ny fisainana tsara, nisaraka tamin' izao tontolo izao mbamin' ny voninahiny sy ny fihobiany noho ny fitiavana an' i Kristy, manaiky Azy eo anatrehan' ny olona ary miandry Azy amim-paharetana tanteraka mba hanaiky azy ireo eo anatrehan' ny Ray sy ireo anjely masina."—*My Life Today*, p. 322.

**b. Hazavao ny fomba nahatonga ny ankamaroan' ireo zanak' i Abrahama ara-nofo nandà ny lovany. Nomery 13:25–33; 14:1; Hebreo 3:18, 19; Joda 5.**

"Ny tsy finoana, ny monomonona, ary ny fikomiana nandritra ny efapolo taona no tsy nahatafiditra ny Isiraely fahiny tao amin' ny tany Kanana. Fahotana mitovy amin' izany no mampihemotra ny fidiran' ny Isiraely moderina ao amin' ny Kananan' ny lanitra ankehitriny. Tsy mety ho diso ireo teny fikasan' Andriamanitra. Ny tsy finoana, ny fitiavana izao tontolo izao, ny tsy fisian' ny fanoloran-tena, ary ny fifandirana eo amin' ireo milaza ho vahoakan' Andriamanitra no mihazona antsika eto amin' ity izao tontolo izao feno fahotana sy alahelo ity an-taonany maro."—*Evangelism*, p. 696.

**c. Inona no tokony hitana ny lohalaharana eo amin' ny fiainantsika? Matio 6:33; Lioka 12:31–34; Kolosiana 3:1, 2.**

"Esory hiala amin' ity tontolo ity ny masonao ka banjino ny mandrakizay. Atambaro ny ezakao rehetra mba hahazoana ireo zavatra izay nomen' Andriamanitra lanja, dia izay nanoloran' i Kristy ny ainy sarobidy ho fanavotana anao. Ny sorona izay nataony dia manokatra midanadana ho anao ireo vavahadin' ny lanitra. Miharia harena eo ankilan' ny seza fiandrianan' Andriamanitra, ka aoka hampiasainao ho famonjena fanahy, araka ny baikony ny talenta izay nankininy taminao."—*Counsels on Stewardship*, pp. 225, 226.

## *Alakamisy* *23 Martsa*

### 5. FANJAKANA TOKANA AN' ANDRIAMANITRA

**a. Firy amin' ny zanak' i Abrahama no hiaraka aminy, hidera an' Andriamanitra hiditra ao amin' ny lovany? Hebreo 1:39, 40; 1 Tesaloniana 4:16, 17; Isaia 66:23.**

"Tsy tokony ho diso fanantenana isika rehefa mahita ny hafa voasaringotry ny fahakiviana ka tafalatsaka ao amin' ny fakam-panahy, tahaka ny efa nahazo antsika ihany koa, kanefa na izany aza dia tafaverian sy afaka nandroso ary notahian' Andriamanitra izy ireo. Ny tenin' Andriamanitra dia mampahery sy manatanjaka an' ireo fanahy diso lalana. Na dia niharan' ireo fahalemen' ny maha-olombelona aza ireo patriarka sy apostoly, dia mbola nahatanteraka asa tsara tamin' ny alalan' ny finoana izy ireo, niatrika ny adin' izy ireo tamin' ny alalan'ny Herin' ny Tompo ka nahazo fandresena. Noho izany dia azontsika atao ny mahatoky ny herin' ilay sorona mahavonjy ka handresy amin' ny anaran' i Jesosy."—*Testimonies*, vol. 4, p. 15.

**b. Inona no hataon' ny voavonjy rehetra rehefa mibanjina an' i Jesosy Kristy, mifanatri-tava amin' ny Mpamonjy? Filipiana 2:9–11; Apokalipsy 7:9, 10. Inona kosa no hataon' i Jesosy? 1 Korintiana 15:24–28.**

"Ny voavonjy rehetra dia hiaraka hidera ny Zanak' Ondry izay maty mba hananan' ny olombelona fiainana, dia fiainana mitovy amin' ny an' Andriamanitra. Tapitra ny ady. Ny fahoriana sy ny fifanandrinana dia mifarana. Feno hiram-pandresena ny lanitra satria ireo voaavotra dia hanandratra ny hiram-pifaliana. Mendrika, mendrika ny Zanak' ondry izay novonoina, ary velona indray, Mpandresy."—*The Acts of the Apostles*, p. 602.

## *Zoma* *24 Martsa*

### FAMERENANA HO AN' NY TENA MANOKANA

1. **Karazana tany manao ahoana no nokatsahin' i Abrahama?**
2. **Ahoana no fomba tokana ahazoantsika miombona amin' ny lovan' i Abrahama?**
3. **Inona no fanirian' Andriamanitra ho an' ny olona rehetra eto amin' izao tontolo izao?**
4. **Ahoana no ahazoantsika mihazona ny fahatokiantsika ho mafy orina hatramin' ny farany?**
5. **Karazana hira manao ahoana no hiarahan' ny voaavotra manandratra any an-danitra?**

# Note

# *Fanatitra amin'ny Sabata voalohany*




**7 Janoary**
ho an'ny Foibe sy Fiangonana any Malawi
(Jereo p. 4.)

**4 Febroary**
atokana ho amin'ny Loza voajanahary sy ny Asa soa
(Jereo p. 25.)






**4 Martsa**
fa ny trano fiangonana tao Bengaluru, India
(Jereo p. 46.)